SAVA	Antalaha	Paysans - pépiniéristes privés
SAVA	Antalaha	TGR (Symrise)
SAVA	Antalaha	Symrise
SAVA	Vohemar	CEF Vohemar
SAVA	Vohemar	ONG Fanamby
SAVA	Vohemar	VOI TOKY
SAVA	Vohemar	Association
SAVA	Vohemar	Paysans - pépiniéristes privés
SAVA	Vohemar	Association
SAVA	Vohemar	Flor Ibis
SAVA	Vohemar	Madagasikara Voakajy
SAVA	Vohemar	TEF Ampanefena
SAVA	Andapa	Paysans - pépiniéristes privés
SAVA	Andapa	WWF
SAVA	Andapa	CEF Andapa
SAVA	Andapa	COBA
SAVA	Andapa	WCS
SAVA	Andapa	COBA
SAVA		MNP
SOFIA		MNP
SOFIA	ANTSOHIHY	DREDD
SOFIA	ANTSOHIHY	Graine de Vie
SOFIA	ANTSOHIHY	Privé
SOFIA	ANTSOHIHY	MAF
SOFIA	ANTSOHIHY	PLAE IV
SOFIA	Mampikony	SOCTAM
SOFIA	Mampikony	ECOFORMATION
SOFIA	Mampikony	VOI
SOFIA	PORT BERGE	FBM
SOFIA	PORT BERGE	CFPA
SOFIA	PORT BERGE	Privé
SOFIA	BEALANANA	TPF et VOI
SOFIA	ANALALAVA	VERAMA

REGION	DISTRICT	Responsable pépiniere
SOFIA	ANALALAVA	CEF
SOFIA	ANALALAVA	PLAE IV
SOFIA	BEFANDRIANA NORD	VOI
VAKINANKARATRA	Antsirabe I	VOI TAMIA
VAKINANKARATRA	Antanifotsy	CEF Antanifotsy
VAKINANKARATRA	Antanifotsy	GSDM
VAKINANKARATRA	Antanifotsy	RADAVY
VAKINANKARATRA	Antsirabe I	DREDD Vakinankaratra
VAKINANKARATRA	Antsirabe I	Pépinière d'Antsirabe
VAKINANKARATRA	Antsirabe I	Pépinière d'Ambatolahy
VAKINANKARATRA	Antsirabe I	Graines de vie
VAKINANKARATRA	Mandoto	Paysans - pépiniéristes privés
VAKINANKARATRA	Mandoto	Coopérative Fanilo 3
VAKINANKARATRA	Mandoto	Association TSIRY 3
VAKINANKARATRA	Mandoto	Paysans - pépiniéristes privés
VAKINANKARATRA	Mandoto	CEF Mandoto
VAKINANKARATRA	Mandoto	Communauté Villageoise
VAKINANKARATRA	Antsirabe I	DREDD (SRF)
VAKINANKARATRA	Antsirabe I	VOI TAMIA
VAKINANKARATRA	Antsirabe I	CEF Antsirabe I et II
VAKINANKARATRA	Ambatolampy	CEF Ambatolampy
VAKINANKARATRA	Ambatolampy	Les VOI
VAKINANKARATRA	Ambatolampy	Paysans - pépiniéristes privés
VAKINANKARATRA	Ambatolampy	Commune Behenjy
VAKINANKARATRA	Ambatolampy	ONG SADABE
VAKINANKARATRA	Faratsiho	CEF Faratsiho
VAKINANKARATRA	Faratsiho	Paysans - pépiniéristes privés
VAKINANKARATRA	Betafo	EKAR Atsimotsena
VATOVAVY FITOVINANY	Ifanadiana	Projet SPICES
VATOVAVY FITOVINANY	Ifanadiana	MBP
VATOVAVY FITOVINANY	Ifanadiana	Paysans - pépiniéristes privés
VATOVAVY FITOVINANY	Ifanadiana	Centre VALBIO
VATOVAVY FITOVINANY	Ifanadiana	Graine de vie
VATOVAVY FITOVINANY	Ifanadiana	Association SOAFIANATRA
VATOVAVY FITOVINANY	Ifanadiana	MBP
VATOVAVY FITOVINANY	Ifanadiana	Association SOAMIRADIA
VATOVAVY FITOVINANY	Ifanadiana	Association MIVOATRA
VATOVAVY FITOVINANY	Ifanadiana	CEF Ifandiana
VATOVAVY FITOVINANY	Ifanadiana	VOI Miaradia
VATOVAVY FITOVINANY	Ifanadiana	VOI SAMVAR
VATOVAVY FITOVINANY	Ikongo	COFAV
VATOVAVY FITOVINANY	Ikongo	CEF Ikongo
VATOVAVY FITOVINANY	Ikongo	COFAV/CI



REGION	DISTRICT	Responsable pépiniere
VATOVAVY FITOVINANY	Manakara	CEF MANAKARA/DREDD
VATOVAVY FITOVINANY	Manakara	Graine de vie
VATOVAVY FITOVINANY	Manakara	GPS Mahasoa
VATOVAVY FITOVINANY	Manakara	FID Manakara
VATOVAVY FITOVINANY	Manakara	Société HEC
VATOVAVY FITOVINANY	Manakara	Société JACARANDAS
VATOVAVY FITOVINANY	Manakara	CEF Manakara
VATOVAVY FITOVINANY	Mananjary	CEF Mananjary
VATOVAVY FITOVINANY	Mananjary	COFAV/CI/Association Ravinala
VATOVAVY FITOVINANY	Mananjary	MBP
VATOVAVY FITOVINANY	Mananjary	CEF Mananjary
VATOVAVY FITOVINANY	Mananjary	MBP
VATOVAVY FITOVINANY	Mananjary	MAHASOA
VATOVAVY FITOVINANY	Nosy Varika	VOI AND, LOVASOA
VATOVAVY FITOVINANY	Nosy Varika	CEF Nosivarika
VATOVAVY FITOVINANY	Vohipeno	Graine de vie
VATOVAVY FITOVINANY	Vohipeno	CEF Vohipeno
VATOVAVY FITOVINANY	Vohipeno	Paysans - pepinieristes privés
VATOVAVY FITOVINANY		MNP



Crédit photo :

Cartes (écorégion générale et par écorégion) : PERR-FH et MEDD

P9 : Copyright non connu (internet)

P10 : Andriamisaintsoa S. et copyright non connu (internet)

P29 : Andriamisaintsoa S. et copyright non connu (internet)

P30 : Copyright non connu (internet)

P31 : Andriamisaintsoa S.

P32 : SNGF et Andriamisaintsoa S.

P33 : Andriamisaintsoa S.

P34 : PLAE et Andriamisaintsoa S.

P35 : Andriamisaintsoa S. et copyright non connu (internet)

P36 : MEDD

P37 : Andriamisaintsoa S.

P38 : PLAE

P39 : MEDD

P40 : Andriamisaintsoa S.

P41 : Andriamisaintsoa S. et copyright non connu (internet)

P42 : Copyright non connu (internet)

P43 : Andriamisaintsoa S.

P44,45,46 : Copyright non connu (internet)

P50 : Andriamisaintsoa S.

P55,56,57, 58 : FAO

P59 : FAO et Randrianjafison H.



La production de ce document a été rendue possible grâce au soutien du peuple américain par l'intermédiaire de l'Agence des États-Unis pour le Développement International (USAID). Son contenu relève de la seule responsabilité du Projet USAID Hay Tao et de ses partenaires et ne reflète pas nécessairement les points de vue de l'USAID ou du gouvernement des États-Unis.



REPUBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitavana • Fanindrazana • Fandrosoana



TOROLALANA HO AMIN'NY FAMBOLENA VOLOBE




Jolay 2020

Fanoroana pejy

1. Famaritana ny mombamoba ny volobe eto Madagasikara.....	1
1.1. Ny toerana misy ny volobe eto Madagasikara.....	1
1.2. Toetoetry ny volobe fampiasa matetika eto Madagasikara	2
2. Tsara ho fantatra mialoha ny hamboly volobe	3
2.1. Ireo antony hambolena volobe	3
2.2. Dingana arahina raha hitady toerana hambolena volobe	4
2.2.1. Raha tanim-panjakana (DFN, RFR, Domaniale).....	4
2.2.2. Raha tany manan-tompo / tanin'olon-tsootra.....	5
2.3. Karazana volobe fampiasa sy famboly matetika.....	5
2.4. Karazana fomba enti-manatanteraka ny fambolena volobe	6
3. Dingana ara-teknika amin'ny fambolena volobe.....	6
3.1. Famatsiana zanaka volobe.....	6
3.1.1. Fomba fahazoana zanaka volobe.....	6
3.1.2. Fametrahana sy fikarakarana taninjanakazo.....	11
3.1.3. Fanesehana ny kitapon-janakazo sy fanetsana ny zanaka volo	14
3.1.4. Fikolokoloana ny zanaka volobe	14
3.1.5. Toerana famatsiana zanaka volobe.....	15
3.1.6. Fomba famoahana ny zanaka volobe mialoha ny fambolena	15
3.2. Dingana amin'ny fambolena volobe.....	15
3.2.1. Fisafidianana ny tany.....	15
3.2.2. Fanomanana ny tany hambolena volobe	16
3.2.3. Tekinikam-pambolena	16
3.3. Fikolokoloana ny zanaka volobe novolena	18
4. Tetiandron'ny fambolena volobe	19
5. Tombam-bidy amin'ny dingana fambolena volobe.....	19
6. Ireo mety ho fahasarotana misy amin'ny fambolena volobe.....	20

I. Famaritana ny mombamomba ny volobe eto Madagasikara

I.1. Ny toerana misy ny volobe eto Madagasikara



Ahitana volobe avokoa ny ankamaroan'ny faritra eto Madagasikara fa ny faritra atsinanana no tena betsaka azy. Samihafa araka ny toerana fiparitahany kosa ny karazana mety hambolena. Ny volobe dia tsy hazo fa karazana bozaka manana haavo mihoatra na mitovy aminy.

Karazana volobe fampiasa matetika : valiha, volo, pika (*Valiha diffusa*), bararata (*Phyllostachys aurea*), volobemavo (*Dendrocalamus giganteus*), volobe ambovhitra (*Dendrocalamus asper*), blankara, volo gasy (*Bambusa vulgaris*), volo soratra (*Gigantochloa pseudoarundinacea*), *Bambusa balcooa*, *Dendrocalamus strictus*, *Bambusa bambos*

Ireo karazana volobe hita eto Madagasikara ankoatra ireo fampiasa matetika

Cathariostachys capitata, *Cathariostachys madagascariensis*, *Cephalostachyum chapelieri*, *Cephalostachyum perrieri*, *Cephalostachyum viguieri*, *Decaryochloa diadelpha*, *Hickelia alaotrensis*, *Hickelia madagascariensis*, *Hickelia perrieri*, *Hitchcockella baronii*, *Nastus ambrensis*, *Nastus aristatus*, *Nastus decaryanus*, *Nastus elongatus*, *Nastus emirnensis*,

Nastus humberianus, *Nastus lokohoensis*, *Nastus madagascariensis*, *Nastus manongarivensis*, *Nastus perrieri*, *Nastus tsaratananensis*, *Perrierbambus madagascariensis*, *Perrierbambus tsarasaotrensis*, *Schizostachyum perrieri*, *Sirochloa parvifolia*, *Thamnocalamus ibityensis*, *Valiha diffusa*, *Valiha perrieri*, *Yushania humberii*, *Yushania madagascariensis*, *Yushania perrieri*.

Ireo karazana toerana mety hambolena volobe



1.2. Toetoetry ny volobe fampiasa matetika eto Madagasikara

Karazana volo	Habeny sm	Halavany metatra	Maripana °c	Rotsak'ora na ilaina	Halalin'ny tany sm	PH tany	Vokatra/Ha/ Taona Taonina	Fampiasana azy
<i>Cephalostachyum pergracile</i>	6-12	10-19	18 à 30	> 800 mm	+40	4,5 à 8,0.	4-6	Pousse de bambou : fanaingona
<i>Dendrocalamus asper</i>	12-20	18-30	18 à 30	> 900mm	+40	4,5 à 8,0.	6-9	Pousse de bambou, asa sikotra, taotrano
<i>Dendrocalamus yunnanensis</i>	10-18	18-28	17 à 28	> 900 mm	+40	4,5 à 8,0	5-8	
<i>Dendrocalamus fuminensis</i>	10-18	18-28	18 à 30	> 900 mm	+40	4,5 à 8,0.	5-8	
<i>Dendrocalamus diannanensis.</i>	10-18	16-26	17 à 26	> 900 mm	+40	4,5 à 8,0	5-8	
<i>Dendrocalamus peculiaris</i>	10-18	16-27	17 à 26	> 900 mm	+40	4,5 à 8,0.	5-8	
<i>Dendrocalamus membranaceus cv. Grandis</i>	10-18	15-27	18 à 30	> 800 mm	+40	4,5 à 8,0	5-8	Poue de bambou, asa sikotra, taotrano, asa tanana
<i>Dendrocalamus barbatus</i>	10-18	15-27	18à30	> 800 mm	+40	4,5-8,0	5-8	
<i>Dendrocalamus laosensis</i>	16-25	25 à 37	18 à 33	> 800 mm	+40	4,5 à 8,0	5-8	Pousse de bambou, asa sikotra, taotrano, tavimboninkazo.
<i>Dendrocalamus sinicus</i>	22-30	25-40	18-30	> 900mm	+50	4,5-7,5	8-12	
<i>Bambusa longinternode</i>	8-13	, 12-22	18 à 30	> 800 mm	+40	4,5 à 8,0	5-7	
<i>Bambusa polymorpha</i>	12-20	20-32	18-30	> 800 mm	+40	4,5 à 8,0	7-9	Pousse de bambou, asa sikotra, taotrano, asa tanana
<i>Bambusa lapidea</i>	10-18	15-27	18 à 30	> 800 mm	+40	4,5 à 8,0	5-7	
<i>Dendrocalamus strictus</i>	3-8	8-20	20à 30	>800 mm	+40	4,5 à 8,0	5-7	Fanaka, taotrano, asa tanana, sakafo, sakafo-mibiy
<i>Bambusa Bambos</i>	10- 15	20 - 25	20 à 30	>900 mm	+40	4,5 à 8,0	7-9	Taotrano, sakafo, asa tanana, sakafo-mibiy, fefy
<i>Bambusa Tulda</i>	5-10	10 - 20	18 à 25	>800 mm	+40	4,5 à 8,0	5-7	Asa tanana sy rary, taotrano, fanaka, akora fanamboarana zava-maneno sy taratasy.
<i>Dendrocalamus Longispathus</i>	4-10	10 - 18	18 à 25	>800mm	+40	4,5 à 8,0	5-7	Asa tanana, harona, fanaka, taratasy

2. Tsara ho fantatra mialoha ny hamboly volobe

2.1. Ireo antony hambolena volobe



Manatsara sy miaro ny nofontany, mitahiry loharano



Asolo ny hazo



Famokarana arina fandrehitra



Fanodinana herinaratra (gasifier)



Hanadiovana rano sy rivotra



Anaovana asa tanana sy fanaka maro samihafa



Fitaovam-pitaterana



Atao sakafo sy tahirin-tsakafo ary fanafody



Anaovana akora fanaovana akanjo, taratasy sy samihafa



Anaovana hazotrano, gorodona, rindrina, tafo

Atao sakafo-m-biby



Anamboarana fitaovana fanjonoana: vovo sy haranjono


Sobika, garaba

2.2. Dingana arahina raha hitady toerana hambolena volobe

Miara-mijery ny sarintany sy mamaritra ny voly atao aloha vao midina ifotony mijery ny toerana iriana hambolena hazo.

Mila manaraka ny dingana efa misy sy maka toky amin'ny Manampahefana eo an-toerana ary manatanteraka fifanarahana.

2.2.1. Raha tanim-panjakana (DFN, RFR, Domaniale)



2.2.2. Raha tany manan-tompo / tanin'olon-tsotra



2.3. Karazana volobe fampiasa sy famboly matetika

Miankina amin'ny tanjona tiana ho trararina ny fisafidianana ny karazana volobe ho volena.

Fampiasa		Karazana volobe	Toetry ny volobe
Fitondrana entana		Blankara	Maivana, vaventy
Trano :	Andry	Volobemavo, Volobe ambovahitra	Mafy, vaventy
	Tsivalana	Bararata	Mafy, madinika
	Rindrina	Vologasy, Blankara	Mora velarina sy arandrana
Garaba		Blankara, valiha	
Fanaka		Bararata	Mafy, madinika
		Volobemavo, volobe ambovahitra	Mafy, vaventy, matevina

Sakafo	Volobemavo, Volobe ambovahitra, blankara...	Ravina lehibe sy malemy no tsara kokoa
Arina (saribao)	Volobemavo, Volobe ambovahitra, blankara...	Taho vaventy sy matevina no tsara kokoa
Sakafo	Volobemavo, Volobe ambovahitra, blankara...	Fakabe mbola tanora, mamy no tsara kokoa
Fitaovam-pitaterana	Volobemavo, volobe ambovahitra	Mafy, vaventy
Fitaovana fanjonoana	Bararata	Mafy, madinika

Fanamarihana : ireo karazana volo zanatany no ambara ato anaty tabilao, ireo karazana volo nampidirina hatramin'ny taona 2010 dia vaventy azo anaovana fanaka, trano, arina. Ary ireo karazana volobe na vahiny, na zanatany na naka volontany dia samy azo ampiasaina hanaovana zavatra maro.

2.4. Karazana fomba enti-manatanteraka ny fambolena volobe

Ny olon-tokana na fianakaviana, fikambanana samihafa, sekoly, orinasa, mpiara-miombon'antoka dia afaka manao fambolena volobe avokoa.

- **Fambolena volobe ataon'olon-tokana:** manana tany vita baorina na mangataka tany fambolena amin'ny fanjakana ;
- **Fambolena volobe ataon'ny fikambanana:** fivondronana olona manana tanjona mitovy manatanteraka asa fambolena volobe, amin'ny toerana voafaritra tsara ;
- **Fambolena volobe ataon'ny orinasa na mpisehatra tsy miankina amin'ny toerana midadasika:** orinasa na mpisehatra tsy miankina mijoro ara-dalàna, fambolena atao amin'ny tany midadasika manana drafi-panajariana, mampiasa olona sy fitaovana avo lenta, mitondra tombontsoa ara-tsosialy sy ara-toekarana.
- **Fambolena volobe ataon'ny fanjakana:** tontosaina mandritra ny taom-pambolenkazo izay ifandrimbonan'ny olom-pirenena rehetra.

3. Dingana ara-teknika amin'ny fambolena volobe

Mizara 3 ny dingana fambolena volobe: ny famokarana zanaka volobe, ny fambolena sy ny fikarakarana ary ny fikolokoloana ny volobe nambolena.

3.1. Famatsiana zanaka volobe

3.1.1. Fomba fahazoana zanaka volobe

3.1.1.1. Amin'ny alalan'ny voa

Fahazoana ambioka na fiotazana voa

Indray mandeha mamoa ihany ny volobe ary maty izy rehefa avy eo. Arakaraky ny karazany ny fotoana amoazany ka mety ho 40 ka hatramin'ny 200 taona izany. Miovaova araka ny karazany ny habeny ka misy mitovy amin'ny akotry ary misy kosa mitovy amin'ny manga. Fotoana fohy, iray na roa volana monja dia tsy afaka mitsiry intsony ny voan'ny volobe ka tsy azo tehirizina ela. Tsara raha afafy faran'izay haingana. Arakaraky ny maha ela ny fiandrasana no maha betsaka ny voa maty. Alohan'ny amafazana azy dia azo atao ny mandona ny voa anaty rano mandritra ny alina.

Manjifa eny amin' ireo Orinasa na fikambanana na Olon-tsootra na toerana mpamatsy ambioka voafantina sy manara-penitra :

Ireo mpamatsy ny voa	Toerana
Mpiantsehatra miaraka sy manohy ny asan'ny tetikasa PROSPERER	Analamanga, Itasy, Bongolava, Haute Matsiatra, Vatovavy Fitovinany, Boeny, Sofia, Atsinanana, Analanjirofo
INBAR sy CIBART	Afarana avy any amin'ny firenena hafa: Chine, Inde, sns.
Vondron'olona Ifotony (VOI)	Arakaraka ny toerana misy faritra ho volena

Azo atao ny manatona ireo sampandraharan'ny tontolo iainana sy ny fandrosoana lovinjafy akaiky izay afaka manome fanazavana fanampiny momba ny famatsiana voa

Fomba fikarakarana ny voa



1 – Fiotazana (voa matoy tsara, tsy simba na lanin'ny biby)



2 – Alohan'ny amafazana azy dia azo atao ny mandona ny voa anaty rano mandritra ny alina.



3 – Tsara raha tonga dia afafy ny voa rehefa avy nangonina fa tsy iandrasana ela.

Raha liana mahakasika ny antsipirihany teknika dia manantona ny teknisiana eny amin'ny Sampandraharan'ny tontolo iainana sy ny fandrosoana lovinjafy eny amin'ny Faritra

3.1.1.2. Amin'ny alalan'ny fakabe sy ny sampana

Ny fahazoana zanany amin'ny alalan'ny fampiasana ny ampahany amin'ny volobe (botira, fototra, markôtazy) dia mila fotoana ary afaka atao mialoha na mandritra ny fahavaratra izay fotoana mampisy betsaka ny tsirimpanentana sy ny sakafo anatin'ny taho.

Fototra

Ny famindrana fototra volobe dia fomba fanaon'ny tantsaha manerantany. Ny fototra afindra dia ahitana ampahan'ny taho, faritra ambonin'ny tany, (vaniny 3 na 5) ary ny ambanin'ny tany ahitana ny fakabe sy ny fakakely. Ireo zavatra afindra ireo arak'izany dia ahitana ireo singa rehetra ahafahan'ny volobe mitombo amin'ny maha zava- maniry azy.



1- Misafidiana taho ana volobe tanora, 1 na 2 taona, amin'ny fototra volobe tianao ampitomboina



2- Tapaho ilay taho eo ambonin'ny vaniny faha 3 na faha 5 ambonin'ny tany izay misy masonry matanjaka tsara. Raha tsy ahitana dia misafidy taho eo ambony izay misy maso na sampana.



3- Esory ny tany manodidina ilay faka ka tandremo sao manimba azy. Zahao ny faritra mampifandray ny fakaben' ilay taho amin'ny fakaben'ny taho hafa.



4- Tapaho amin'ny antsy na tsofa maranitra ny faritra mampifandray ny fakaben'ily taho amin'ny fakaben'ny taho hafa ka tandremo tsara tsy ho voakitika ny maso sy ny tsiry mbola kely.

5- Saraho amin'ily fototra lehibe ilay fototra kely miaraka amin'ny taho vao avy notapahinao teo.

6- Avy hatrany dia ataovy anaty gony mando na zavatra hafa misy eo antoerana ka apetraho amin'ny aloka ary afindrao avy hatrany eny amin'ny tany ambolena azy na eny amin'ny taninjanakazo.

Ny fototra avy notapahina dia afaka apetraka any amin'ny taninjanakazo mandritra ny 1 na 2 volana (anaty tany fasehana na anaty kitapo) ambany alokakaloka ary tondrahana matetika. Rehefa manomboka ny fahavaratra dia afaka volena eny amin'ny tany voatokana ho amin'izany.

Fikarakarana ny “botira”

Ny fampiasana “botira” amin'ny alalan'ny sampana dia fomba iray ampitomboana ny volobe kanefa tsy hanimbana azy. Mety kokoa izy ho an'ny volobe manana sampana izay mivonto eo amin'ny fotony na koa ireo volobe izay matevina nofo toy ny *Dendrocalamus Spp* sy *Bambusa Spp*. Ny fotoana tsara anaovana azy dia ny fanombohan'ny fahavaratra (aorian'ny orana voalohandohany na koa ny telovolana voalohan'ny fahavaratra).



1 – Misafidiana taho ana volobe 1 – 3 taona misy sampana lehibe. Safidio mba hisy fotony mivonto ilay sampana. Mitovy bika amin'ny fakabe. (Misy fakakely, masonry ary raviny)



2 – Tapaho tsara amin'ny tsofa maranitra ny fototr'ily sampana lehibe. Tandremo sao silaka. Azo ampiasaina ihany koa ny sampana faharoa amin'ily sampana lehibe (misy fototra mivonto)



3 – Raiso ny vaniny 3-5 miala eo amin'ily fotony mivonto. Mba ampihena ny fahaverezandrano, rehefa avy manapaka ilay sampany dia esory ny zana-tsampany fahatelo.



4- Ny zana-tsampany lehibe dia tapaho amin'ny tsofa, sekatera kosa no ampisao rehefa manala ny raviny sy ny zanatsampany madinika. (fakakely, masony ary ravina)



5- Rehefa avy notapahina dia fonosina anaty gony mando ireo botira na atao anaty rano mba tsy ho maina. Taterina haingana eny amin'ny taninjanakazo avy eo



6- Atao amin'ny taninjanakazo mba hanome faka tsara

Fampiasana markotazy

Ny markôtazy dia fampiasana ny taho na ny sampana (ny vaniny) izay atao anaty tany na fangaro hafa (tany, fasika, zezimpahitra, mololo sns) mba hampitsiry ny faka sy hiforonan'ny tsiry vaovao avy amin'ny maso/vaniny. Teknika mahomby ahazoana zanakazo avy amin'ny vaniny na masony izay mbola miaraka amin'ny reniny. Ity fomba ity dia mampitsiry faka amin'ny sampana nefa tsy misaraka amin'ny reniny.



1- Sampana izay efa misy maso matanjaka sy fakakely ivelan'ny tany no safidiana.



2- Tapaho ny ampahatelon'ny sampana amin'ny andaniny roa. (eo amin'ny faritra ifandraisan'ny taho sy ny sampana).



3- Fonosina anaty plastika misy fangaro ilay sampana notapahina ary atao mando foana.



4- Ny fangaro ampiasaina hampitsiry ny faka dia tany, zezimpahitra nafangaro mololo sy ravina efa lo. Fahavaratra no tena tsara anaovana azy



5- Zanany azo afindra dia tokony efa misy fakabe, fakakely, taho ary ravina velona tsara no afindra. Mampiasà antsy na tsofa maranitra.



6- Atao anaty kitapon-janakazo avy hatrany ny zanany nosarahana. Anapahana kely ny sampana sy ny ravina mba hahakely ny rano very.

Fampiasana ny fanasarahana faka antsoina hoe macroproliferation

Ny fampitomboana ny zanaka volobe amin'ny alalan'ny fanasarahana ny faka dia antsoina hoe macroproliferation. Amin'izany dia afaka ampitomboana roa na telo heny ny zanaka volobe. Zanaka volobe 4 na 6 volana, voakarakara tsara sy ahitana taho maromaro (telo na mihoatra) izay ahitana fakabe sy fakakely mitsiry tsara no tokony anaovana ny fanasarahana. Alohan'ny anombohana ny asa fanasarahana ny zanaka volobe azo avy amin'ny voany na avy amin'ny ampahan'ny zavamaniry (botira, markôtazy) dia tondrahana rano tsara ary esorina ny ahidratsy.

Andro vitsivitsy mialoha ny fanasarahana dia mila tondrahana rano matetika ny zanaka volobe mba hampalemy tsara ny tany sy tsy hanimba ny fakany. Mba hahakely ny taham-pahafatesana dia tsara raha atao ny folakandro ny fanasarahana ny fakabe na koa amin'ny andro mangatsiatsiaka (ohatra mandritra ny andro manorana).



1 – Esory ny kitapo plastika sy ny tany manodidina ny fakabe sy ny fakakely



2 – Tandremo tsara tsy ho simba ny fakabe, fakakely sy ny tsiry.



3 – Sasao ny tapany ambany misy tany (fakabe sy fakakely) mba hahamora ny fahitana ny faritra ikambanan'ny fakabe anankiroa izay tokony hosarahina.



4- Mampiasà sekatera na antsy maranitra anasarahana ny faritra ikambanan'ny fakabe anankiroa. Ny zanaka volobe anankiroa voasaraka dia tokony samy manana fakabe, fakakely ary taho velona tsara.



5- Tapaho ny 75%ny ravina sy sampana mba hahakely ny rano very.



6- Zanaka volobe voasaraka ka azo atao anaty kitapon-janakazo




7- Raha vao vita ny fanasarahana ny fakabe dia atao anaty kitapon-janakazo avy hatrany ny zanaka volobe ary tondrahana.



8- Alahatra anaty taninjanakazo, apetraka anaty malomaloka

3.1.2. Fametrahana sy fikarakarana taninjanakazo

3.1.2.1. Dingana arahana amin'ny fametrahana sy fikarakarana taninjanakazo



3.1.2.2. Fomba fikarakarana ny taninketsa amafazana voa



1- **Fikarakarana taharo:** afangaro ny tany masaka | fatra + tany mena | fatra + faska | fatra



2- **Fikarakarana ny soriboly :** Asiana taharo manana hatevenana 5 hatramin'ny 10sm ny soriboly. Tondrahana rano mialoha ny famafazana



3- **Fametrahana ny soriboly (plate-bande):** Manorita lavaka lavalava marivo amin'ny tanana na hazokely (~5 mm ny halalin'ny).



4- **Fomba famafazana :** Arotsahy anaty lavaka ny voa. Aza avela hisy latsaka ivelan'ny lavaka.



5- Totofy ny lavaka rehefa voafafy ny voa amin'ny tany niala tamin'ny lavaka.



6- Rakofana ahitra na bozaka ny ambioka voafafy ary tondrahana isanandro

Afady amin'ny soriboly misy tany avoavo tsy iandronan'ny rano ny voa. Ny fangaron-tany ampiasaina dia tany tsotra iray (01) fatra, fasika iray (01) fatra ary zezi-pahitra iray (01) fatra. Azo ovaina io fangaro io arakaraky ny karazantany ampiasaina. Asiana alokaloka fa tsy avela amin'ny masoandro mivantana (ambany hazo na asiana fialofana).

3.1.2.3. Fikarakarana taniketsa botira

Tany ampiasaina

Mampiasà taninjanakazo misy fasika. Fasika madio sy mora vidy, izay hita eo an-toerana. Ny fasika mantsy dia tsy mitana rano, manamora ny fandehanan'ny rivotra sy ny fiforonan'ny faka. Kely kokoa ny fahasimban'ny faka rehefa mamindra ny zanakazo. Azo atao ihany koa ny mitatitra ny botira ampiasaina anaty fasika.

Taninjanakazo

Afaka atao toy izao manaraka izao ny refin'ny soriboly: haavony: 20sm, sakany: 1,20m, halavany: 5 – 10m na mihoatra, arakaraky ny ilàna azy.



1 – Alohan'ny ambolena dia anapaho kely ny ilan'ny botira dia alona anaty rano misy fungicide mandritra ny 5 minitra (1 ml/g anaty rano 1 litatra).



2 – Lavaho amin'ny tanana ny tany/fasika dia atsatohy ny fototry ny botira, ilay faritra misy mivonto iny.



3- Asio tainomby lena na tanimanga ny tampon'ilay botira mba tsy hahalaky maina azy sy tsy hahabe ny rano very lasa entona. Asiana alokaloka ihany koa ny soriboly.



4- Tondrahana rano in-3 na 4 isanandro ny botira, ny vatany sy ny fotony. Arahi-maso ny fiforonan'ny fakakely sy ny fakabe. Rehefa mitsiry tsara ireo faka ireo dia tandremana tsara rehefa mamindra azy mba tsy hisy tapaka.



5- Misy tsiry mivoaka avy amin'ilay maso ao amin'ny fototra mivonto afaka 10 na 20 andro. Mety maharitra 25 ka hatramin'ny 90 andro ny fitsirin'ny faka arakaraky ny karazan'ny volobe sy ny fotoana nakàna ny botira.

6- Mampiasà kitapon-janakazo 15x20 sm asiana tany sy fasika ary zezipahitra amin'ny fatra 1:1:1 (mitovy habetsany avy) ary asiana compost 3:1.

3.1.3. Fanesehana ny kitapon-janakazo sy fanetsana ny zanaka volo

Mandritra ny 03 ka hatramin'ny 06 herinandro aorian'ny famafazana ny fanetsana ny zanaka volo:



1- Mitsiry ny voa afaka dimy na fito andro ka hatramin'ny faha 25 andro. Afaka afindra anaty kitapon-janakazo ny zanaka volo rehefa misy ravina 4 na 6.



2- Tokony hitovy ny habetsaky ny tany sy fasika ary zezipahitra atao anaty kitapon-janakazo (1:1:1). Raha efa tany fasehana kosa dia tsy asiana fasika intsony fa ampiana zezipahitra ampahatelony (3:1)



3- Fenoy tany efa vita fangaro aloha ny kitapon-janakazo zay vao afindra ny zanakazo. Tondray rano avy eo mba hifitsaka.



4- Manaova lavaka kely amin'ny tanana na hazokely. Tokony ho 15x20sm farafahakeliny ny halehiben'ny kitapon-janakazo



5- Arotsahy ao ny fakan'ilay zanakazo. Somary tsindrio amin'ny tanana ny tany manodidina.



6- Atao ambanin'ny alokaloka (50 na 75%) na ambanin'ny hazo ny zanakazo mandritra ny iray na roa volana alohan'ny ametrahana azy amin'ny masoandro mivantana.

3.1.4. Fikolokoloana ny zanaka volobe

Tsy maintsy araha-maso tsara ny fanirin'ny zanaka volobe : ao anatin'izay no hanaovana ny fiavana (fanalàna ny ahi-dratsy), fanesorana ireo izay ratsy faniry na marefo.



1- Avaina ary alana ny zanaka volobe marefo na ratsy faniry



2- Mba hampaniry tsara azy dia mila tondrahana isan'andro ary avaina matetika.



3- Zanakazo feno sivy volana no tena tsara entina hovolena.

3.1.5. Toerana famatsiana zanaka volobe

Manjifa eny amin' ireo Orinasa na Fikambanana na Olon-tsotra mamokatra zanakazo na eny amin'ny toerana voatokana. Misy sarany eny amin'ny mpamokatra mivelona amin'izany ary jifaina maimaimpoana kosa eny amin'ny toerana novatsian'ny fanjakana vola ka misy fepetra manokana arahina ny fahazoana azy ireny.

Ireo mpamatsy Zanakazo	Toerana / Adiresy
Toerana voatokana (araka ny Politikampanjakana misy)	Ny Ministera mpiahy ny Ala (MEDD) amin'ny alalan'ireo ratsamangaika hita eny amin'ny faritra (DREDD, D(I)REED, CIREED, CanFor)
Mpanao fikarohana mahakasika ny volobe	FOFIFA, PROSPERER...
Fikambanana miantsehatra amin'ny fitantanana ny Ala	VOI
Olon-tsotra na Mpamokatra zanakazo tsy miankina	Manatona ny biraon'ny sampandraharahan'ny tontolo iainana raha mila ny adiresin'izy ireo

3.1.6. Fomba famoahana ny zanaka volobe mialoha ny fambolena

Rehefa nijanona 06 ka hatramin'ny 09 volana eo ho eo tao amin'ny taninjanakazo ny zanaka volobe ka mahazo faka tsara dia afaka entina eny amin'ny tany hambolena azy, ary tandrovana tsara mba tsy ho tapaka sy tsy hiparitaka ny taharo ao anatin'ny kitapon-janakazo. Tandrovana ihany koa mba tsy ho azon-drivotra be eny ambony fiara fa mahatonga azy ho marefo.

Raha zanaka volobe azo avy amin'ny botira sy markotazy dia efa nijanona 4 ka hatramin'ny 6 volana tao anaty taninjanakazo dia azo afindra, ka ny roa volana tao anaty alokaloka.

3.2. Dingana amin'ny fambolena volobe

Ireo tany voatokana ho fambolenkazo dia mety amin'ny volobe avokoa. Arakaraka ny karazany no ahafahany mizatra amin'ilay tany. Tandremana fatratra ny fambolena ireo karazany mihanaka ka mila toromariky ny teknisianina

3.2.1. Fisafidianana ny tany

Ireto no fepetra vistivitsy ilaina raha hamboly volobe:


- Tany tsy be vato,
- Tsy iandronan'ny rano,
- Mety kokoa raha tany somary fasehana (misy ampahana fasika kely) manamora ny five-laran'ny fakany.

Karazan-tany	Toetra	Elanelana	Haben'ny lavaka
Tanimboly efa tsy miasa na maty	Tany voakarakara matetika Tany fasihana	5m ny elanelan'ny lavaka roa. Afaka ahena ho 3m arakaraky ny karazan'ny volobe anefa izany.	50x50x50sm ny halehiben'ny lavaka atao
Tany misolampy na avy nokaohon'ny riaka	Tany fasihana na be vato		
Tany ngazana sy ratsy	Tany ratsy – mafy Tany fasehana sy be vato	5m ny elanelan'ny lavaka roa.	Ho an'ny tany karakaina sy lavitra rano ary ho an'ny zanakazo efa lehibe kokoa dia manao lavaka lehibe kokoa. 60smx60smx60sm hatramin'ny 1x1x1m

400 ka hatramin'ny 500 fototra volobe isaky ny hektara no tokony hovelena. Raha misy tanjona manokana dia azo ovaina io toy ny fiarovana ny nofotany amin'ny tany kisilasila mitsatoka, na handrakotra volobe fotsiny ny toerana iray.

3.2.2. Fanomanana ny tany hambolena volobe


Atao miendrika diam-panorona ny lavaka mba hisorohana amin'ny fihotsahan'ny tany sy fitatazana ny ranon'orana raha toerana misolampy. Mielanelana 3 ka haramin'ny 5 metatra ny lavaka.




3.2.3. Tekinikam-pambolena

3.2.3.1. Fandavahana

Atokana ny nofon-tany tsara - masaka (ambony) sy ny nofon-tany ratsy sy mafy (ambany).





Iray volana mialoha ny fambolena no andavahana. Avahana ny tany ambony sy ny tany ambany.




60x60x60sm ny haben'ny lavaka ary mety hahatratra 1x1x1m raha mafy sy ratsy ny tany

3.2.3.2. Fanotofana ny lavaka sy fambolena



Fanotofana lavaka : Arotsaka aloha ny tany masaka avy eo ny tany ratsy nampiana fakofako na zezika


Zanakazo matanjaka tsara, misy ravina maro sy faka misandrahaka tsara ary efa nozarina masoandro no ampiasaina ary mahatratra 50 sm farafahakeliny;



4 ka hatramin'ny 9 volana taorian'ny namindrana azy tanaty kitapon-janakazo farafaha-keliny


Tapahina ny antsasaky ny raviny tsirairay mba hialàna amin'ny fahaverezan'ny rano lasa entona

3.3. Fikolokoloana ny zanaka volobe novolena




1. Fanasiana zezika: Afaka mampiasa zezipahitra 5kg isaky ny lavaka na NPK 50g. Afaka mampiasa ranoka zezipahitra notapohina raha te hamelonaina ny zanaka volobe rehefa ilaina izany.

2. Atao tsara tootra ny lavaka rehefa mamboly ny zanakazo



3. Fandrakofana: Rehefa voavoly ny zanakazo dia asiana fakofakom-bozaka na ravin-kazo manodidina ny fotony mba hitazomana hamandoana sy hitsihifan'ny rano.

4. Fametrahana aro afo manodidina ny toerana fambolenkazo: eo ho eo amin'ny 4m ny sakany ary tokony ho diovina isan-taona. Mila diovina ihany koa ny ao anatin'ny faritra voavoly mba hisorohana ny afo ao anatin'ny.



5. Fiavana: Manala ahidrasy indroa isantaona indrindra amin'ny fotoana be orana.

6. Fanosohana: rehefa misy zanakazo maty dia soloina. Mandritra ny fotoan'ny orana no hanaovana ny fanosohana.

4. Tetiandron'ny fambolena volobe

Dingana amin'ny fambolenkazo sy asa atao		T1												T2	Fanamarihana	
		Jol	A	S	O	N	D	J	F	M	A	M	Jn			
Famatsiana voa	Fanagonana voa															Amin'ny fotoana mampatoy ny voa
	Fikarakarana botira															Voalohandohan'ny orana
Famokarana zanakazo	Fikarakarana plate-bande/soriboly															6 volana na 1 taona mialoha ny fambolena (jolay)
	Famafazana															Iray volana farafahelany aorian'ny fanangonana ny voa
	Fikarakarana ny tany ambolena volobe															1 volana mialoha ny fambolena raha tany maina na sarodrano
Fambolena	Fandavahana															1 volana mialoha ny fambolena
	Fitaterana ny zanakazo															Amin'ny andron'ny fambolena, izany hoe amin'ny fanombohan'ny orana
	Fambolena															Amin'ny fotoana fanombohan'ny fahavaratra no tena tsara. Mitohy hatramin'ny volana jona kosa ho an'ny faritra atsinanana izay mando lava.
Fikarakarana ny hazo nambolena	Fiavana															Manala ahidrasy indroa isantaona indrindra amin'ny fotoana be orana.
	Fanosohana															Miankina amin'ny zanakazo maty, fa mandritra ny vanimpotoanan'ny orana

5. Tombam-bidy amin'ny dingana fambolena volobe

Asa	Fahafaha-manao	Sandany
Manetsa (Répiquage)	300 kitapon-janakazo/andro	20 Ar/kitapo
Mandavaka	50-70 Lavaka/Andro	500 Ar/lavaka
Fambolena	100 zanakazo/andro	100 Ar/volobe
Zezipahitra	5kg/lavaka	100Ar/kg
NPK	50g/lavaka	2500Ar/kg
Fanaovana aro afo	50-80m ² /andro	5000 – 7000Ar/Andro
Fanadiovana fototra zanakazo (toerana be bozaka)	50-70 fototra/andro	5000 – 7000Ar/Andro

6. Ireo mety ho fahasaratana misy amin'ny fambolena volobe

Amin'ny ankapobeny, tsy dia misy fahasaratana miseho amin'ny fambolena volobe fa ny tokony ho tandremana kosa dia:

- Ny fisafidianana mialoha ny zanakazo mifanentana amin'ny toe-tany sy ny toe-trandro eo antoerana;
- Ny fanaovana lavaka araka ny tokony ho izy satria tsy mety mitombo ny zanakazo volena anaty tany mafy;
- Ny fampiasana zanakazo 50sm na mihoatra satria mora maty ny zanakazo kely loatra;
- Ny fambolena azy anaty fahavaratra (tondrahana raha toa ka tsy avy ny orana rehefa avy mamboly azy voalohany iny sy ny andro vitsivitsy manaraka, mandra-pazahoany aina tsara);
- Ny fiarovana amin'ny omby satria tena ankafiziny ny raviny;
- Ny fiarovana amin'ny bibikely: raha sendra misy aretina na bibikely dia manatona mpivarotra fanafodimbibikely maka torohevitra amin'ny fanafody tokony ampiasaina.



USAID
AVY AMIN'NY
VAHOAKA AMERIKANA

Ny fanontana sy ny fanapariahana ity torolalana ity dia notohanany USAID
amin'ny alalan'ny Tetikasa USAID Hay Tao

Sy ny tantsoroka ara-teknikan'ny Fikambanana





- ITY BOKY ITY DIA TSY AZO AMIDY -

This document is made possible by the support of the American People through the United States Agency for International Development (USAID.)

The contents of this document are the sole responsibility of the USAID Hay Tao Program and do not necessarily reflect the views of USAID or the United States Government.



TOROLALANA HO AMIN'NY FAMBOLENA HONKO MAHOMBY



USAID
AVY AMIN'NY
VAHOAKA AMERIKANA

Tetikasa USAID Hay Tao

Desambra 2019



Fanoroana pejy

1. Famaritana ny toerana voakasika ny faritra ala honko	1
2. Ny tsara ho fantatra mialohan'ny hamboly honko	1
2.1. Ireo antony hambolena ala honko	1
2.2. Dingana arahana raha hitady toerana hambolena honko	2
2.2.1. Ireo dingana arahina.....	2
2.2.2. Fipetraky ny faritra misy ala honko.....	2
2.2.3. Karazan-tany afaka hambolena honko	2
2.3. Karazana honko azo volena	2
3. Dingana ara-teknikan'ny fambolena honko.....	3
3.1. Famatsiana zana-honko	3
3.1.1. Fiotazana ny masomboly.....	3
3.1.2. Tanin-janakazo (pépinière).....	4
3.2. Fambolena honko	5
3.2.1. Toerana.....	5
3.2.2. Fomba fambolena zana-honko.....	5
3.2.3. Fikarakarana sy fikolokoloana ny tany voavoly honko.....	6
3.2.4. Fafi-nanahary.....	6
4. Teti-andro fambolena honko.....	7
5. Ireo fandaniana hita raha hamboly honko.....	7
6. Ireo mpisehatra ara-teknika	8
7. Teboka tsy maintsy jerena.....	9
7.1. Ny mety ho sakana amin'ny fambolena honko.....	9
7.2. Ny mampahomby ny fambolena honko.....	9

1. Famaritana ny toerana voakasika ny faritra ala honko




Ny ala honko dia fitambaran'ny hazo hita sy maniry eny amin'ny sisin-dranomasina ary ny hazo dia miavaka amin'ny fananany faka mianjaka sy afaka miaina anaty ranomasina sy rano izay hitambaran'ny ranomasina sy ranomamy. Maniry amin'ny toerana mafana sy be rotsak'orana ny honko (mihoatra ny 1000 milimetatra). Ireto avy ny faritra ahitana ala honko: DIANA, SAVA, BOENY, MELAKY, MENABE ary ATSIMO-ANDREFANA.



Ala honko

2. Ny tsara ho fantatra mialohan'ny hamboly honko

2.1. Ireo antony hambolena ala honko



Fiarovana ny sisin-tany amin'ny riaka sy ny tondradrano



Fanadiovana rivotra sy rano – manageja entona karibaona



Fonenan'ny vorona sy ramanavy – Fampiroboroboana ny fizahan-tany




Fanatodizana sy fiveloman'ny hazan-dranomasina (drakaka, makamba, trondro...)

2.2. Dingana arahana raha hitady toerana hambolena honko

2.2.1. Ireo dingana arahina



2.2.2. Fipetraky ny faritra misy ala honko



2.2.3. Karazan-tany afaka hambolena honko



2.3. Karazana honko azo volena

Misy sivy (09) ireo karazan-kazo honko afaka ambolena eto Madagasikara ary afaka mamaly ireo tanjona tiana ho tratrarina avokoa.

Anaran-kazo fiantsy	Anarana ara-tsiantifika	Vondrona
Mosotry, Afiaty, Vahonkoritra	<i>Avicennia marina</i>	AVICENNIACEAE
Honkolahy, Tangandahy, Anabovahatra	<i>Rhizophora mucronata</i>	RHIZOPHORACEAE
Tangampoly, Tsitolony, Vahomena	<i>Bruguiera gymnorrhiza</i>	RHIZOPHORACEAE
Honkovavy, Tangambavy	<i>Ceriops tagal</i>	RHIZOPHORACEAE
Fobo, Farafaka, Songery	<i>Sonneratia alba</i>	RHIZOPHORACEAE
Sarigavo, Bongantalaotra	<i>Xylocarpus granatum</i>	MELIACEAE
Roneho, Vonjihonko, Lovinjo	<i>Lumnitzera racemosa</i>	COMBRETACEAE
Moromony	<i>Heritiera littoralis</i>	STERCULIACEAE
	<i>Pemphis acidula</i>	LYTHRACEAE



Ny vondrona misy ny Mosotry, Afiaty (Avicenniceae) sy ny vondrona misy ny Honkolahy (Rhizophoraceae) no maro hita eto Madagasikara.

3. Dingana ara-teknikan'ny fambolena honko

3.1. Famatsiana zana-honko


3.1.1. Fiotazana ny masomboly

Mba ahazahoana vokatry tsara, ny masomboly hotazana dia tsy maintsy matoy. Ny fiotazana ny zana-honko dia eo am-pototry ny reninkazo ihany ary afaka alaina na amin'ny tany maina na anaty rano.



3.1.2. Tanin-janakazo (pépinière)

- Tanjona : zanaka honko matanjaka sy salama
- Tanin-janakazo: miankina amin'ny fotoana sy ny enti-manana, ny tena tsara dia mioty sy mamboly avy hatrany.
- Dingana :
 - fiotozana zana-honko (propagules)
 - fitaizana any amin'ny tanin-janakazo
 - fanetsana amin'ny kitapon-janakazo



Mioty ny zana-honko matoy sy salama tsara



Tehirizina anaty gony mihidy tsara



Apetraka amin'ny toerana misy rano ny fitehirizina azy



Fantenana tsara izay zana-honko salama ary voasana ny lohany mba hitsirian'ny laingony



Atao anaty kitapon-janakazo



Apetraka sy taizàna ao amin'ny toerana voatokana


- Taharo: fasika, fotaka miaro tanimanga (alaina eny an-toerana fanirian'ny honko).
- Toerana : fivezivezen'ny ranomasina sy tsy mety ritra mandavan-taona
- Faharetana : **telo (03) volana**

- Fitaterana: amin'ny fotoana hambolena azy.

3.2. Fambolena honko


3.2.1. Toerana

Fisafidianana ny toerana azo volena honko



Tany fasehana, mamotaka sy nahitana honko maniry

Elanelan'ny hazo volena




Elanelana: 01 metatra X 02 metatra

3.2.2. Fomba fambolena zana-honko




Fambolena honko tora-tady



Fambolena honko: tsy alentika be

Mandritra ny rano midina ny fambolena honko ary mitovy amin'ny fambolena mangahazo sy fanetsana vary tora-tady (en ligne).

Raha zanaka honko avy any amin'ny tanin-janakazo, dia toy ny fambolena zanakazo ihany no fomba fambolena azy.



Fandavahana amin'ny tãnana



Fanesorina ny fonosana




Zanaka honkovoavoly


3.2.3. Fikarakarana sy fikolokoloana ny tany voavoly honko

- Fanaraha-maso: isaky ny 02 na 03 volana.
- Diovina ny foto-kazo
- Sosohina raha misy ny maty na ratsy fitomboana sy lanin'ny biby.

3.2.4. Fafi-nanahary



Voana honko ho lasa solofo



Solofo maniry

Ny honko dia mora miparitaka sy misandrahaka amin'ny alalan'ireo voany milatsaka manodidina ny reny honko. Ireo zanaka honko maniry dia azo alaina ka ambolena any amin'ny toerana hafa afaka hanatanterahana izany.

4. Teti-andro fambolena honko

Asa atao	Jan	Feb	Mar	Apr	May	Jon	Jol	Aog	Sept	Okt	Nov	Des
1. Fiotazana ny zana-honko												
Honkolaahy, Tangampoly, Honkovavy												
Afiaty, Sarigavo, Roneho, Moromony												
2. Fambolena honko												

Ny fambolena honko dia mandavan-taona fa miankina amin'ny fiakarana sy fidinan'ny ranomasina.

5. Ireo fandaniana hita raha hamboly honko

Ny efa tsapa amin'ny ankapobeny dia manodidina ny 80 hatramin'ny 90 isan-jato eo ho eo ny taham-pahavelomana raha voahaja tsara ny fepetra rehetra amin'ny fambolena honko.


Asa atao	Isan'olona/isan'andro	Fandaniana isan'andro (Ariary)	I hekitara	Fandaniana (Ariary)
Fiotazana zana-honko	1 600 zana-honko	6 000	5 000 zana-honko Olona 4	24 000
Fambolena zana-honko	1 600 zana-honko	6 000	5 000 zana-honko Olona 4	24 000
Fanosoana :				
- Fiotazana	1 600 zana-honko	6 000	1 000 zana-honko	6 000
- Fambolena	1 600 zana-honko	6 000	Olona 1 1 000 zana-honko Olona 1	6 000
Fitambaran'ny fandaniana ho an'ny 1 hekitara				60 000

Raha hamboly honko ho amin'ny toerana iray hekitara (1Ha), dia mety mahalany eo amin'ny 60.000 ariary eo ho eo. Marihina fa tsy tafiditra ao ny fitaizana zanaka honko eny amin'ny tanimbolin-janakazo.

6. Ireo mpisehatra ara-teknika

Voly an'olon-tokana	Voly fikambanana	Voly orinasa
DREDD sy CANFOR, CIRPECHE, ISSH, tetik'asa sy programan'asa miasa amin'ny fambolena honko	DREDD sy CANFOR, CIRPECHE, ISSH, VOI, tetik'asa sy programan'asa miasa amin'ny fambolena honko, CNRO	DREDD sy CANFOR, CIRPECHE, ISSH, tetik'asa sy programan'asa miasa amin'ny fambolena honko, CNRO

Maro ireo mpisehatra ara-tekinika miasa sy miara-miombon'antoka amin'ny Fanjakana amin'ny fiarovana sy fanatsarana ny ala honko eto Madagasikara. Raha mila toro-marika sy torohevitra ara-teknika, dia tsara ny manatona azy ireo isaky ny faritra iasany.



Sary : Ireo mpisehatra ara-tekinika amin'ny ala honko eto Madagasikara
Nahazahoana ny sary : FTM, PERR-FH – Edition : Mars 2018, Zafyson R.

7. Teboka tsy maintsy jerena

7.1. Ny mety ho sakana amin'ny fambolena honko

- Mamboly amin'ny tany malemy sy fasehana loatra tsara ka mora entin'ny riaka
- Mamboly honko eny amin'ny rano miangona ka mahafaty haingana ny zana-honko

7.2. Ny mampahomby ny fambolena honko

- Mila manaraka tsara ireo fepetra momba ny toerana fambolena honko ;
- Ny fisian'ireo mpisehatra ara-teknika miasa sy miaro ny ala honko izay manamafy ny fahaizana manao ireo mponina ifotony amin'ny fitantanana sy fiarovana ny ala honko.
- Satan'ny tany azo volena honko :

Voasokajy ao amin'ny Faritra marefo sy arovana ny toerana misy ny ala honko ary tafiditra ao anatin'ny faritr'alam-pirenena (Loi Forestière 97-017 – Art.3). Ka ireo karazan-toerana manamorona ny moron-tsiraka ka mahafeno ireo fepetra mety hanirin'ny honko dia azo hanaovana voly honko avokoa.



Tari-dàlana ho amin'ny fambolenkazo maharitra – Faritra MANDO



USAID
AVY AMIN'NY
VAHOAKA AMERIKANA

Ny fanoratana sy ny fanapariahana ity torolalana ity dia notohan'ny USAID
amin'ny alalan'ny Tetikasa USAID Hay Tao





Tari-dàlana ho amin'ny fambolenkazo maharitra – Faritra MANDO

- ITY BOKY ITY DIA TSY AZO AMIDY -

This document is made possible by the support of the American People through the United States Agency for International Development (USAID.)

The contents of this document are the sole responsibility of the USAID Hay Tao Program and do not necessarily reflect the views of USAID or the United States Government.





TOROLALANA HO AMIN'NY FAMBOLENKAZO MAHARITRA



FARITRA KARAKAINA



USAID
AVY AMIN'NY
VAHOAKA AMERIKANA

Tetikasa USAID Hay Tao

Desambra 2019



Fanoroana pejy

1. Famaritana ny toerana voakasiky ny faritra karakaina	1
2. Tsara ho fantatra mialohan'ny hamboly hazo	1
2.1. Ireo antony hambolena hazo	1
2.2. Dingana arahana raha hitady toerana hambolena hazo	2
2.3. Karazan-kazo fampiasa sy famboly matetika	3
2.4. Karazam-pomba enti-manatanteraka ny fambolenkazo.....	4
3. Dingana ara-teknika amin'ny fambolenkazo.....	4
3.1. Famatsiana zanakazo	4
3.1.1. Ny ambioka.....	4
3.1.2. Fametrahana sy fikarakarana tanin-janakazo	5
3.1.3. Fomba famafazana.....	5
3.1.4. Fanesehana ny kitapon-janakazo sy fanetsana ny zanakazo	6
3.1.5. Fikolokoloina ny zanakazo.....	7
3.1.6. Fomba famoahana ny zanakazo mialohan'ny fambolena.....	7
3.2. Dingana amin'ny fambolenkazo	7
3.2.1. Karazan-toerana hambolena hazo	7
3.2.2. Fanomanana ny tany hambolena hazo	8
3.2.3. Fambolena ny hazo.....	8
3.3. Fikolokoloina ny tanin-kazo sy ny hazo.....	9
4. Tetiandron'ny fambolenkazo	10
5. Tombam-bidy amin'ny dingana fambolenkazo	11
6. Ireo mety ho fahasarotana misy amin'ny fambolenkazo	11

I. Famaritana ny toerana voakasiky ny faritra



Ny faritra karakaina dia hita ao amin'ny tapany atsimon'ny Nosy. Ahitana ireo karazan'ala tsilo. (Jereo ny sarin-tany).

Karazan-kazo famboly matetika: Aliso, Andrampotsy, Atratra, Arofy, Bonaranala, Boy, Fantsilotra, Filao, Fony, Handy, Haraka, Hazomalany, Hazomena, Jatropha, Karabo, Katrafay, Kily, kinana, kininina lahy, Lazaza, Mafay, Manoka, Mantaly, Neem, Sanira, Sely, Sikilihazo, Taindalitra, Tsinefo, Vahonda, Vaivay, Vatoa, Varo, Voapaka, Voatangena, Vontaka





Faritra karakaina



2. Tsara ho fantatra mialohan'ny hamboly hazo

2.1. Ireo antony hambolena hazo





Fiarovana tanimboly amin'ny rivotra, fanatsarana ny nofon-tany



Fiarovana ny tanimboly tsy hitaran'ny dongom-pasika




Famokarana hazo atao fanaka na hazotrano



Famokarana arina fandrehitra na kitay

2.2. Dingana arahana raha hitady toerana hambolena hazo

2.2.1. Raha tanim-panjakana



2.2.2. Raha tany manan-tompo / tanin'olon-tsootra



2.3. Karazan-kazo fampiasa sy famboly matetika

Miankina amin'ny tanjon'ny fambolenkazo ny fisafidianana ny karazan-kazo ho volena.

Ny tabilao eo ambany no mampiseho ny tanjon'ny fambolenkazo sy ireo karazan-kazo mety hambolena.

Fampiasa	Toetry ny hazo		Karazan-kazo	
	Zanatany	Vahiny	Zanatany	Vahiny
Kitay sy arina fandrehitra	Haingam-pitombo	Haingam-pitombo	Bonara, Bonaranala	Akasia Nilotica, Kininina Lahy, Nimo, Roy, Tsinefo...
Hazo trano sy fanaovana fanaka	Hazo mafy sy mahitsy	Haingam-pitombo sy mahitsy	Bonara, Fantsiolotra, Handy, Katrafay, Mahabibo, Manoka, Mantaly, Sely, Taindalitra	Aliso, Kininina Lahy, Roy...
Fiarovana ny nofon-tany	Hazo manana faka milentika lalina sy mifikitra tsara amin'ny tany		Aliso, Arofy, Fantsiholitra, Katrafay, Kily, Mahabibo...	Filao, Kininina Lahy, Filao, Nimo, Roy...
Fanarenana ny tany simba	Mora maniry amin'ny tany fasika		Aliso, Arofy, Atratra, Bonara, Bonaranala, Fantsiholitra, Handy, Kily, Mafay, Vontaka...	Kininina Lahy, Filao, Nimo, Roy...
Fanarenana ny ala	Mora maniry amin'ny tany fasika		Andrampotsy, Arofy, Boringy Na Fony Na Renala, Daro, Hazomalany, Karabo, Katrafay, Mafay, Manokafotsy, Sanira, Sely, Taindalitra, Voapaka...	Mantaly, Nimo...

2.4. Karazam-pomba enti-manatanteraka ny fambolenkazo

Ny olon-tokana na fianakaviana, fikambanana samihafa, sekoly, orinasa, mpiara-miombon'antoka dia afaka manao fambolenkazo avokoa.

- **Fambolenkazo ataon'olontokana:** manana tany vita baorina na mangataka tany fambolenkazo amin'ny fanjakana ;
- **Fambolenkazo ataon'ny fikambanana:** fivondronana olona manana tanjona mitovy manatanteraka asa fambolena hazo, amin'ny toerana voafaritra tsara ;
- **Fambolenkazo ataon'ny orinasa na mpisehatra tsy miankina amin'ny toerana midadasika:** orinasa na mpisehatra tsy miankina mijoro ara-dalàna, fambolenkazo atao amin'ny tany midadasika manana drafi-panajariana, mampiasa olona sy fitaovana avo lenta, mitondra tombontsoa ara-sosialy sy ara-toekarana.

3. Dingana ara-teknika amin'ny fambolenkazo

Mizara 3 ny dingana fambolenkazo: ny famokarana zanakazo, ny fambolena ary ny fikarakarana sy fikolokoloina ny hazo nambolena.

3.1. Famatsiana zanakazo

3.1.1. Ny ambioka

3.1.1.1. Toerana famatsiana ambioka

Fiotazana eny ifotony na eny anivon'ny mpamatsy voa:

Ireo mpamatsy ny voa	Toerana
SNGF	Antananarivo, eny anivon'ny biraon'ny DREDD
Ministera miahly ny ala (MEDD)	Sampanandrahan'ny tontolo iainana sy ny fampandrosoana maharitra (DREDD)
Mpiantsehatra amin'ny fitantanana ny ala	MNP, WWF, Blueventures, ...
Mpamokatra zanakazo tsy miankina	OMNIVERDI, JICA, ADES, GIZ (tantsoroka ara-teknika), ANAE, WWF eny anivon'ny faritra Androy / Anosy

3.1.1.2. Fomba fikarakarana ny voa

Miankina amin'ny toetry ny voa ny fikarakarana azy



1 – Fiotazana (voa matoy tsara, tsy simba na lanin'ny biby)



2 – Fanahazana ny voa




3 – Fitehirizana ny voa mialohan'ny famafazana

- 4 – ireo karazana fomba fikarakarana ny voa izay miankina amin'ny karazan-kazo hovolena
- Arotsaka anaty rano avy nangotraka mandritra ny 24 ora raha voa mafy (ohatra: roy)
 - Alona anaty rano mangatsiaka
 - Voasana sy vakiana kely (zakarandahy)


Raha liana mahakasika ny antsipirihany teknika dia manantona ny Teknisiana eny amin'ny Sampandrahan'ny tontolo iainana sy ny fampandrosoana maharitra eny amin'ny Faritra Marihina fa efa voamarika eny amin'ny fonosana na kitapo misy ny voa ny toro-marika rehetra raha toa ka avy ao amin'ny SNGF no mivatsy ny voa.

3.1.2. Fametrahana sy fikarakarana tanin-janakazo

3.1.2.1. Dingana arahana amin'ny fametrahana sy fikarakarana tanin-janakazo



3.1.2.2. Fomba fikarakarana ny tanin-janakazo



2 - Fikarakarana taharo

Afangaro tany hamafazana na taharo : tany masaka 2 fatra + tany mena 1 fatra

3 - Asiana taharo manana hatevenana 5 hatramin'ny 10 sm ny soriboly

4 - Tondrahana rano alohan'ny famafazana

1 - Fametrahana ny soriboly (plate-bande):

- Atao amin'ny toerana marin-drano
- Diovina ny toerana
- Fitodika: Manaraka ny fiposaky ny masoandro ny fitodiky tanimboly : Atsinanana - Andrefana


3.1.3. Fomba famafazana



Raha voa tena madinika: afangaro amin'ny tany vao afafy



Raha voa madinika: atao fafy katrana



Raha voa vaventy: atao manara-tady - mielanelana 5 hatramin'ny 10 sentimetatra



Raha voa vaventy dia afaka afafy avy hatrany ihany koa anaty kitapon-jana-kazo



Rakofana ahitra na bozaka ny ambioka voavafy ary tondrahana isanandro

3.1.4. Fanesehana ny kitapon-janakazo sy fanetsana ny zanakazo

Mandritra ny 03 ka hatramin'ny 06 herinandro aorian'ny famafazana ny fanetsana ny zanakazo:



1. Sesehana taharo ny kitapon-janakazo , ary alahatra anaty soriboly



2. Rehefa maniry tsara sy matanjaka ny zanakazo nafafy tao amin'ny soriboly dia tsoahina moramora avy eo



3. Atsoboka anaty rano mifangaro tain'omby ny fakan'ny zanakazo



4. Tondrahana aloha ny kitapon-janakazo voasesika taharo



5. Lavahana kely ny taharo anatin'ny kitapon-janakazo



6. Ampidirina ny zanakazo ka ahodina kely ary afatratra tsara ny kitapo



7. Alahatra ao anaty soriboly ary tondrahana isan'andro



8. Fametrahana alokaloka sy fanondrahana

3.1.5. Fikolokoloina ny zanakazo

Tsy maintsy araha-maso tsara ny fanirin'ny zanakazo: ao anatin'izay no hanaovana ny fiavana (fanalàna ny ahi-dratsy), fanesorana ireo izay ratsy faniry na marefo.



1. Tondrahana tsara ny zanakazo ka ny maraina sy hariva efa maty masoandro ihany no fotoana anaovana izany



2. Manala ireo ahi-dratsy sy manadio ny tanin-janakazo



3. Mandrindra ny aloka sy ny hazavan'ny masoandro miankina ny fitombon'ny zanakazo

3.1.6. Fomba famoahana ny zanakazo mialohan'ny fambolena

Rehefa nijanona 06 volana eo ho eo tao amin'ny tanin-janakazo ny zanakazo ka mahazo faka tsara dia afaka entina eny amin'ny tany hambolena ny hazo, ary tandrovana tsara mba tsy ho tapaka ny zanakazo ary tsy hiparitaka ny taharo ao anatin'ny kitapon-janakazo.

3.2. Dingana amin'ny fambolenkazo

Miankina amin'ny toe-tany, ohatra tany be fasika na tsia, ny asa atao amin'ny dingan'ny fambolenkazo.

3.2.1. Karazan-toerana hambolena hazo

Karazan-tany	Mombamomba	Elanelana	Haben'ny lavaka
Tanimboly efa tsy miasa na maty	Tany voakarakara matetika Tany fasehana	3mx3m na 4mx4m arakaraky ny voly misy eo	<ul style="list-style-type: none"> - Tsy mila mandavaka mialoha raha tany fasehana - Raha tany mafy dia 40smx40smx40sm ny haben'ny lavaka
Faritr'ala	Tontolo ala Tany fasehana na be vato	2,5mx2,5m	
Tany ngazana sy ratsy	Tany ratsy – mafy Tany fasehana sy be vato	2mx2m	

3.2.2. Fanomanana ny tany hambolena hazo



1. Raha tany fasehana: Atao tora-tady ny fambolenkazo ary elanelanina isaky ny 2m



2. Raha tany mafy: Mametraka marika amin'ny toerana anatsatohana ny hazo : mielanelana isaky ny 2 metatra raha hazo zanatany ary isaky ny 4 metatra raha hazo vahiny




3. Raha tany fasehana: Tsy mila mandavaka mialoha rehefa hamboly hazo



4. Raha tany mafy: Manao lavaka
Haben'ny lavaka : 40 sm x 40 sm x 40 sm

3.2.3. Fambolena ny hazo




1. Fanotofana lavaka: Tsara kokoa raha ampiarahina amin'ny zezika ny tany




2. Fambolenkazo: Atao somary lempona manodidina ny fototr'ilay zanakazo rehefa mamboly, mba hisintomana sy hitazomana rano


3.3. Fikolokoloina ny tanin-kazo sy ny hazo



1. Fandrakofana: rehefa voavoly ny zana-kazo dia asiana fakofakom-bozaka na ravin-kazo manodidina ny foto-kazo mba hitazomana hamandoana sy hitsihifan'ny rano (amin'ny toerana ahitana zava-maniry hafa)




2. Fametrahana aro afo eo ho eo amin'ny 4m ny sakany manodidina ny toerana fambolenkazo. Tokony ho divina isan-taona.



3. Fiavana: Esorina raha misy ahi-dratsy miaraka maniry amin'ny zanakazo

4. Fanosohana: rehefa misy zanakazo maty dia soloina. Mandritra ny fotoan'ny orana no hanaovana ny fanosohana.



5. Fandratsanana: ho an'ny hazo natao hanorenana na hanaovana fanaka:

- a) 5-8 taona: rantsanana ny ampahatelon'ny ambany
- b) Manomboka 8 taona: rantsanana ny antsany ambany

4. Tetiandron'ny fambolenkazo

Dingana amin'ny fambolenkazo sy asa atao		T1												T2	Fanamarihana	
		Jol	A	S	O	N	D	J	F	M	A	M	Jn			
Famatsiana voa	Fanagonana voa															Amin'ny fotoana mampatoy ny voa
Famokarana zanakazo	Fikarakarana plate-bande/soriboly															6 volana na 1 taona mialohan'ny fambolena jolay
	Famafazana															Vao tafatsangana ny plate-bande jolay
	Fikarakarana ny tany maina															1 volana mialohan'ny fambolena raha tany maina
	Fikarakarana ny tany hazo															Mandritra ny fambolena raha tany karakaina
Fambolena	Fandavahana (Tany maina)															1 volana mialohan'ny fambolena raha tany maina /mandritra ny fambolena raha tany karakaina
	Fitaterana ny zanakazo															Amin'ny andron'ny fambolenkazo, izany hoe amin'ny fanombohan'ny orana
	fambolena															Mandritra ny vanim-potoan'ny orana. Ny tsara indrindra amin'ny fanombohan'ny rotsak'orana voalohany
Fikarakarana ny hazo nambolena	fiavana															6 volana hatramin'ny iray taona aorian'ny fambolena hazo
	fanosohana															Miankina amin'ny zanakazo maty, fa mandritra ny vanim-potoanan'ny orana
	Fandratsanana ho an'ny hazo fanaka/fanorenana															Rehefa miha-lehibe ny hazo, ary miankina amin'ny karazan-kazo. Eo ho eo amin'ny 3 hatramin'ny 5 taona aorian'ny fambolena

5. Tombam-bidy amin'ny dingana fambolenkazo

Asa	Fahafaha-manao	Sandany
Manetsa (Répiquage)	300 kitapon-janakazo/andro	10-20 Ar/kitapo
Fiasana (labour) mampiasa fitaovana mekanika (tracteur) – Arakaraky ny toetran'ny tany	1 Ha/ora	100 000-250 000 Ar/ora
Fiasana mampiasa fitaovana tarihina (angadin'omby) – Arakaraky ny toetran'ny tany	1 - 2 Ha/andro	50 000-100 000 Ar/andro
Mandavaka	50-70 Lavaka/Andro	200-250 Ar/lavaka
Fambolena	100 zanakazo/andro	50-100 Ar/hazo
Fanaovana aro afo	50-80m ² /andro	5000 – 7000Ar/Andro
Fanadiovana fototra zanakazo (toerana be bozaka)	50-70 fototra/andro	5000 – 7000Ar/Andro

6. Ireo mety ho fahasarotana misy amin'ny fambolenkazo

Amin'ny ankapobeny, ny fahasarotana miseho aty amin'ny faritra karakaina dia ny:

- Toetr'andro maina loatra
- Ny tsy fahampian-drano
- Ny tondra-drano
- Ny tsy fandraisan'anjaran'ny mponina sy ny tsy fahavononany
- Ny tsy fahampian'ireo mpamatsy voa mpamokatra zanakazo



Tari-dàlana ho amin'ny fambolenkazo maharitra – Faritra MANDO



USAID
AVY AMIN'NY
VAHOAKA AMERIKANA

Ny fanoratana sy ny fanapariahana ity torolalana ity dia notohan'ny USAID
amin'ny alalan'ny Tetikasa USAID Hay Tao





Tari-dàlana ho amin'ny fambolenkazo maharitra – Faritra MANDO

- ITY BOKY ITY DIA TSY AZO AMIDY -

This document is made possible by the support of the American People through the United States Agency for International Development (USAID.)

The contents of this document are the sole responsibility of the USAID Hay Tao Program and do not necessarily reflect the views of USAID or the United States Government.





REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana



TOROLALANA HO AN'NY FAMBOLENKAZOMAHARITRA



FARITRA MAINA

Marsa 2020



Fanoroana pejy

1. Famaritana ny toerana voakasiky ny faritra maina	1
2. Tsara ho fantatra mialoha ny hamboly hazo.....	2
2.1. Ireo antony hambolena hazo	2
2.2. Dingana arahana raha hitady toerana hambolena hazo	3
2.2.1. Raha tanim-panjakana	3
2.2.2. Raha tany manan-tompo / tanin'olon-tsotra.....	3
2.3. Karazan-kazo fampiasa sy famboly matetika	3
2.4. Karazana fomba enti-manatanteraka ny fambolenkazo	4
3. Dingana ara-teknika amin'ny fambolenkazo	4
3.1. Famatsiana zanakazo	5
3.1.1. Ny ambioka.....	5
3.1.2. Fametrahana sy fikarakarana tanin-janakazo	6
3.1.3. Fomba famafazana	8
3.1.4. Fanesehana ny kitapon-janakazo sy fanetsana ny zanakazo	8
3.1.5. Fikolokoloana ny zanakazo.....	9
3.1.6. Ny toerana famatsiana zanakazo.....	9
3.1.7. Fomba famoahana ny zanakazo mialoha ny fambolena.....	10
3.1.8. Bolabolan'ambioka na Boulette na seedball	10
3.2. Dingana amin'ny fambolenkazo	10
3.2.1. Karazan-toerana hambolena hazo	10
3.2.2. Fipetraky ny lavaka.....	11
3.2.3. Tekinikam-pambolena	11
3.3. Fikolokoloana ny tanin-kazo sy ny hazo.....	12
4. Tetiandron'ny fambolenkazo.....	13
5. Tombam-bidy amin'ny dingana fambolenkazo	13
6. Ireo mety ho fahasarotana misy amin'ny fambolenkazo	14

I. Famaritana ny toerana voakasiky ny faritra maina



Ny faritra maina dia hita ao amin'ny tapany andrefan'ny Nosy. Ahitana ireo karazan'ala manitsan-dravina amin'ny maintany. (Jereony sarin-tany).


Karazan-kazo hita sy famboly matetika: ananambo, alimboro, anakaraka, anananambo, arofy, Arongampanihy, baie rose, bonara, bonara mamy, bozy, farafatse, filao, flamboyant, gmelina, handy, hazomaimbo, hazomainty, hazomena, hazotokana, jabo, jatropa, kapaipoty, katrafay, kesika, kilimbazaha, kininina lahy, kininina, komanga, latabarika, lopingo, madiro, mafay, mahabibo, maitSORIRININA, maivanaty, malambovoony, mampihehy, manary, manary fotsy, mandravarotra, manga, mangarahara, mantaly, menahihy, mendoravy, monkonazy, moringa, nimo, pamba, papay, renala, rafia, ramy, rotra, roibontsika, roy, sakoa, sakoa vazaha, sarigavo, satrana, sevalahy, voasary, sarihompy, talinala, taindalitra, tainakanga, teck, tongombitsy, tsiatondro, tsinefy, vitanindrano, voandelaka, voanjonala, voanongo (salabo), voapaka, voazato, zahana, zamborizano




Faritra maina eto Madagasikara

2. Tsara ho fantatra mialoha ny hamboly hazo

2.1. Ireo antony hambolena hazo



Fiarovana ny loharano sy ny tahirin-drano – Fanarenana ny nofon-tany



Fiarovana tanimboly amin'ny rivotra, fanatsarana ny nofon-tany



Famokarana hazo atao fanaka na hazotrano



Famokarana arina fandrehitra na kitay



Ala vadim-boly - hazo fihinam-boa




Fandrindrana ny tontolo iainana – Fanagejana ny entona karibaona



2.2. Dingana arahana raha hitady toerana hambolena hazo

2.2.1. Raha tanim-panjakana



2.2.2. Raha tany manan-tompo / tanin'olon-tsotra



2.3. Karazan-kazo fampiasa sy famboly matetika

Miankina amin'ny tanjon'ny fambolenkazo ny fisafidianana ny karazan-kazo ho volena.

Fampiasa	Toetry ny hazo		Karazan-kazo	
	Zanatany	Vahiny	Zanatany	Vahiny
Kitay sy arina fandrehitra	Haingam-pitombo	Haingam-pitombo	Antafana, Bonara, Hazomena, Mantaly, Bonaramamy, Mokonazy, Tsinefo...	Kesika, Kininina, Akasia, Roy
Hazo trano sy fanaovana fanaka	Hazo mafy sy mahitsy	Haingam-pitombo sy mahitsy	Anakaraka, Arongampanihy, Hazomposa, Hazotokana, Katrafay, Sarigavo, Sevalahy, Sohihy, Mantaly,	Kininina, , Roy ...

			Antafana, Khaya senegalensis,...	
Fiarovana ny nofon-tany	Hazo manana faka milentika lalina sy mifikitra tsara amin'ny tany		Mety Avokoa Ny Hazo Ala Zanatany	Filao, Nimo, Roy, volobe, ...
Fanarenana ny tany simba	Manamasaka sy mamerina ny tsiron-tany		Bonara, Bonaranala, Bonaramamy, Fandrianakanga, Katrafay, Madiro, Masevalahy, Roibontsika, Sambalahy	Filao, Nimo, Roy, volobe, Voandelaka...
Fanarenana ny ala	Haingam-paniry sy miadam-paniry–Hazo ala zanatany		Ananambo, Alimboro, Anakaraka, Anananambo, Arofy, Baie Rose, Bozy, Farafatse, Filao, Handy, Hazomaimbo, Hazomainty, Hazomena, Jabo, Kapaipoty, Katrafay, Kily, Latabarika, Lopingo, Mafay, Maitsoririnina, Maivanaty, Malambovony, Mampihehy, Manary, Manary Fotsy, Mandravasarotra, Mangarahara, Mantaly, Menahihy, Mendoravy, Moringa, Pamba, Renala, Rafia, Ramy, Rotra, Sarihompy, Talinala, Tainakanga, Tainakanga, Tongombitsy, Tsiatondro, Vitanindrano, Voanongo (Salabo), Voapaka, Voazato, Hazotokana...	Nimo, Voandelaka
Fihinam-boa	Hazo manome voa azo hanina		Ananambo, Mahabibo, Manga Gasy, Kily, Mokonazy, Zamborizano, Rotra...	Manga, Voasary

2.4. Karazana fomba enti-manatanteraka ny fambolenkazo

Ny olon-tokana na fianakaviana, fikambanana samihafa, sekoly, orinasa na indostria, mpiaramiombon'antoka dia afaka manao fambolenkazo avokoa.

- **Fambolenkazo ataon'olontokana:** manana tany vita baorina na mangataka tany fambolenkazo amin'ny fanjakana ;
- **Fambolenkazo ataon'ny fikambanana:** fivondronana olona manana tanjona mitovy manatanteraka asa fambolena hazo, amin'ny toerana voafaritra tsara ;
- **Fambolenkazo ataon'ny orinasa na mpisehatra tsy miankina amin'ny toerana midadasika:** orinasa na mpisehatra tsy miankina mijoro ara-dalàna, fambolenkazo atao amin'ny tany lehibe manana drafi-panajariana, mampiasa olona sy fitaovana avo lenta, mitondra tombotsoa ara-sosialy sy ara-toekarena.

3. Dingana ara-teknika amin'ny fambolenkazo

Mizara 3 ny dingana fambolenkazo: ny famokarana zanakazo, ny fambolena ary ny fikarakarana sy fikolokoloana ny hazo nambolena.

3.1. Famatsiana zanakazo


3.1.1. Ny ambioka

3.1.1.1. Toerana famatsiana ambioka

Fiotazana eny ifotony na eny anivon'ny mpamatsy voa:

Ny fiotazana ny voa dia atao eny amin'ny renikazo na hazo voafantina sy tsara kalitao amin'ny fotoana mampatohy ny voa. Ny atao hoe « renikazo na hazo voafantina sy tsara kalitao » dia hazo salama, mitombo sy maniry tsara eo amin'ny habeny sy ny halavany, hazo mafy, hazo mahitsy tsara ny faniriny, hazo tsy ahitana aretina na lanin'ny biby, hazo mafy faka, hazo mahatanty masoandro, maintso mavana ny raviny.

Ny fiotazana ny voa dia tsara kokoa raha atao amin'ny hazo maromaro ary mielanelana eo amin'ny 100 metatra eo ho eo ny fototra roa. Tsara ihany koa raha mitovy ny toerana nihotazana ny voa sy ny toerana hanaovana ny fambolenkazo (ohatra : raha teny amin'ny toerana havoana no nioty ny voa dia tsara raha eny amin'ny toerana havoana no hanaovana ny fambolenkazo).



Karazan-kazo salama sy tsara kalitao raha te hamokatra hazo-trano ohatra (sary eo ankavia)

Manjifa eny amin' ireo Orinasa na fikambanana na Olon-tsotra na toerana mpamatsy ambioka voafantina sy manara-penitra :

Ireo mpamatsy ny voa	Toerana
SNGF	Antananarivo, Mahajanga, Itasy, Fianarantsoa Azo atao ny manatona ireo sampandraharan'ny tontolo iainana sy ny fandrosoana lovainjafy akaiky izay mifandray

	mivantana amin'ny SNGF raha toa ka tsy misy masoivoho eo antoerana
Ministera miahny ny ala (MEDD)	Sampandraharahan'ny tontolo iainana sy fandrosoana lovainjafy dia afaka manome torolalana sy miara-miasa amin'ny fiotazana ny voa
Mpiantsehatra amin'ny fitantanana ny ala: CNFEREF, MNP, WWF, Blueventures, ...	Eny amin'ny foiben-toerana misy azy na ny ratsamangaikany

3.1.1.2. Fomba fikarakarana ny voa

Miankina amin'ny toetry ny voa ny fikarakarana azy



1 – Fiotazana (voa matoy tsara, tsy lanin'ny biby



2 – Fanahazana ny voa mialohan'ny hitehirizana azy




3 – Fitehirizana ny voa mialohan'ny famafazana

- 4 – ireo karazana fomba fikarakarana ny voa izay miankina amin'ny karazan-kazo ho volena
- Arotsaka anaty rano avy nangotraka mandritra ny 24 ora raha voa mafy (roy, bonara...)
 - Alona anaty rano mangatsiaka (gmelina...)
 - Voasana sy vakiana kely (gmelina, manga, voanio...)

Raha liana mahakasika ny antsipirihany teknika dia manantona ny Teknisiana eny amin'ny Sampandraharan'ny tontolo iainana sy fandrosoana lovainjafy eny amin'ny Faritra. Marihina fa efa voamarika eny amin'ny fonosana na kitapo misy ny voa ny toro-marika rehetra raha toa ka avy ao amin'ny SNGF no mivatsy ny voa.

3.1.2. Fametrahana sy fikarakarana tanin-janakazo

3.1.2.1. Dingana arahana amin'ny fametrahana sy fikarakarana tanin-janakazo



3.1.2.2. Fomba fikarakarana ny tanin-janakazo



1 - Fametrahana ny soriboly:

- Atao amin'ny toerana marin-drano
- Diovina tsara ny toerana sy ny manodidina
- Fitodiky ny soriboly: Manaraka ny fiposaky ny masoandro: Atsinana– Andrefana

2 - Apetraka ny tsatoka. Miovaova arakaraka ny toerana ny halavany fa ny sakany kosa dia 1m eo. Elanelanina lalana 1m ny soriboly ahafahana manondraka sy mikarakara azy



3 - Fikarakarana taharo (substrat)

Fangaro sy fatran'ny taharo:

- zezika 1 fatra (zezi-pahatra na komposta)
- tany masaka 2 fatra
- fasika 1 fatra. Tsy asiana fasika intsony raha efa fasihana ny tany

4- Asiana taharo manana hatevenana 5 hatramin'ny 10 sm ny soriboly

5 – Alamina tsara ny soribola ary asiana hazo na vato na biriky ny manodidina mba hipetraka tsara ny kitapon-janakazo

6 -Tondrahana rano alohan'ny famafazana



7 – Soriboly na tanimbolin-janakazo voapetraka tsara, misy fehy hiarovana amin'ny fivezivezen'ny biby fiompy sy biby an'ala


3.1.3. Fomba famafazana



1 - Raha voa tena madinika: afangaro amin'ny tany vao afafy



2 - Raha voa madinika: atao fafy katrana (germoir) : taharo manana habe eo amin'ny 5 hatramin'ny 10 sm eo



3 - Raha voa vaventy: atao manara-tady-mielanelana 5 hatramin'ny 10 sentimetatra (germoir)



4 - Raha voa vaventy dia afaka afafy avy hatrany ihany koa anaty kitapon-jana-kazo



5 - Rakofana ahitra na bozaka ny ambioka voavafy ary tondrahana isanandro

3.1.4. Fanesehana ny kitapon-janakazo sy fanetsana ny zanakazo

Mandritra ny 03 ka hatramin'ny 06 herinandro aorian'ny famafazana ny fanetsana ny zanakazo:



1. Sesehana taharo ny kitapon-janakazo, ary alahatra anaty soriboly



2. Rehefa maniry tsara sy matanjaka ny zanakazo nafafy tao amin'ny soriboly dia tsoahina moramora avy eo



3. Atsoboka anaty rano mifangaro tain'omby ny fakan'ny zanakazo



4. Tondrahana aloha ny kitapon-janakazo voasesika taharo



5. Lavahana kely ny taharo anatin'ny kitapon-janakazo



6. Ampidirina ny zanakazo ka ahodina kely ary afatratra tsara ny kitapo



7. Alahatra ao anaty soriboly ary tondrahana isan'andro



8. Fametrahana alokaloka sy fanondrahana

3.1.5. Fikolokoloana ny zanakazo

Tsy maintsy arahimaso tsara ny fanirin'ny zanakazo: ao anatin'izay no hanaovana ny fiavana (fanalàna ny ahi-dratsy), fanesorana ireo izay ratsy faniry na marefo. Mandritra ny fikolokoloana ny zanakazo no zarina mba hahazaka masoandro ny zanakazo ka ny fikarakarana ny rakotra no jerena tsara amin'izany.

3.1.6. Ny toerana famatsiana zanakazo

Manjifa eny amin' ireo Orinasa na Fikambanana na Olon-tsotra mamokatra zanakazo na eny amin'ny toerana voatokana. Misy sarany eny amin'ny mpamokatra mivelona amin'izany ary jifaina maimaimpoana kosa eny amin'ny toerana novatsian'ny fanjakana vola ka misy fepetra manokana arahina ny fahazoana azy ireny.

Ireo mpamatsy Zanakazo	Toerana / Adiresy
Toerana voatokana (araka ny Politikam-panjakana misy)	Ny Ministera mpiahy ny Ala (MEDD) amin'ny alalan'ireo ratsa-mangaika hita eny amin'ny

	faritra (DREDD, D(I)REED, CIREED, CanFor)
Mpanao fikarohana mahakasika ny Ala	FOFIFA, ...
Fikambanana miantsehatra amin'ny fitantanana ny Ala	MNP, VOI, SAF FJKM, ...
Ireo Tetik'Asa mahakasika ny fambolenkazo	OMNIVERDI, ADES, GIZ (tantsoroka arateknika), ANAE, WWF eny anivon'ny faritra Atsimo-Andrefana
Olon-tsotra na mpamokatra zanakazo tsy miankina	Manatona ny biraon'ny sampandraharahan'ny tontolo iainana raha mila ny adiresin'izy ireo

3.1.7. Fomba famoahana ny zanakazo mialoha ny fambolena

Rehefa nijanona 03 hatramin'ny 06 volana eo ho eo tao amin'ny tanin-janakazo ny zanakazo ka mahazo faka tsara dia afaka afindra sy entina eny amin'ny toerana ambolena azy. Tandrovana tsara mba tsy ho tapaka ary tsy hiparitaka ny taharo ao anatin'ny kitapon-janakazo. Alahatra ao anaty kesika voarafitra mba tsy hihetsika mandritra ny fitaterana ny zanakazo.

3.1.8. Bolabolan'ambioka na Boulette na seedball



1 – Karakaraina ny rano sy tain'omby (zezika)

2 – Karakaraina ny taharo : tany masaka + zezika + tanimanga

3 – Asiana voa 2 na 3 arakaraka ny habeany ao anatin'ny taharo ary volavolaina ho boribory

Endriky ny bolabolan'ambioka farany

- Rehefa vita ny bolabola dia apetraka mandritra ny **03 andro** alohan'ny hamafazana azy;
- Mila **toerana efa misy rakotra sy tany malemy** ny famafazana ny bolabola mba ahafahany maniry tsara sy tsy entin'ny rano rehefa amin'ny fotoanan'ny orana.


3.2. Dingana amin'ny fambolenkazo

3.2.1. Karazan-toerana hambolena hazo

Karazan-tany	Toetra	Elanelana	Haben'ny lavaka
Tanimboly efa tsy miasa na maty	Tany malemy sady mamokatra – voakaraka matetika	3mx3m na 4mx4m arakaraky ny voly misy eo	30smx30smx30sm
Faritr'ala	Tontolo ala – tany malemy ihany	2,5mx2,5m	40smx40smx40sm
Faritra be bozaka	Tany mafy	2mx2m	50smx50smx50sm
Tany ngazana sy ratsy	Tany ratsy – mafy	2mx2m	50smx50smx50sm

3.2.2. Fipetraky ny lavaka

Atao manaraka maridrano (courbe de niveau) ary miendrika diam-panorona ny lavaka mba hisorohana amin'ny fihotsahan'ny tany sy fitatazana ny ranon'orana raha toerana misolampy.




3.2.3. Tekinikam-pambolena

3.2.3.1. Fandavahana

Atokana ny nofon-tany tsara - masaka (ambony) sy ny nofon-tany ratsy sy mafy (ambany).




3.2.3.2. Fanotofana ny lavaka sy fambolena




1. Fanotofana lavaka: Arotsaka aloha ny tany masaka avy eo ny tany ratsynampiana fakofako na zezika

2. Esorina ny fonosana ary tandremana tsara mba tsy hiparitaka ny tany




3. Fambolenkazo: Satria tsy dia ampy ny rotsak'orana ny faritra hambolena hazo dia atao marina na milempona mihintsy aza ary afatratra tsara (tsindrina amin'ny tàmàna) ny tany nanotorana ny lavaka


3.3. Fikolokoloana ny tanin-kazo sy ny hazo




1. Fandrakofana: rehefa voavoly ny zanakazo dia asiana fakofakom-bozaka na ravinkazo manodidina ny foto-kazo mba hitazomana hamandoana sy hitsihifan'ny rano (amin'ny toerana ahitana zava-maniry hafa)



2. Fametrahana aro afo manodidina ny toerana nambolena hazo: eo ho eo amin'ny 4m ny sakany. Tokony ho diovina isan-taona. Ankoatra izay dia mila diovina ihany koa ny ao anatin'ny faritra voavoly mba hisorohana ny afo ao anatin'ny toerana voavoly.



3. Fiavana: Esorina raha misy ahi-dratsy miaraka maniry amin'ny zanakazo
4. Fanosohana: rehefa misy zanakazo maty dia soloina. Mandritra ny fotoan'ny orana no hanaovana ny fanosohana.



5. Fandratsanana: ho an'ny hazo natao hanorenana na hanaovana fanaka
 5-8 taona: rantsanana ny ampahatelony ambany
 Manomboka 8 taona : rantsanana ny antsanany ambany

4. Tetiandron'ny fambolenkazo

Dingana amin'ny fambolenkazo sy asa atao		T1												T2	Fanamarihana	
		Jol	A	S	O	N	D	J	F	M	A	M	Jn			
Famatsiana voa	Fanangonana voa															Amin'ny fotoana mampatoy ny voa
Famokarana zanakazo	Fikarakarana plate-bande /soriboly															6 volana mialoha ny fambolena
	Famafazana															Vao tafatsangana ny plate-bande
	Fikarakarana ny tany hambolena hazo															1 volana mialoha ny fambolena
Fambolena	Fandavahana															10 andro mialoha ny fanotorana
	Fitaterana ny zanakazo															Amin'ny andron'ny fambolenkazo, izany hoe amin'ny vanim-potoanan'ny fiandohan'ny orana
	Fanotorana sy fambolena															10 andro mialoha ny fambolena no totofana ny lavaka
Fikarakarana ny hazo nambolena	fiavana															Rehefa tapitra fotoanan'ny orana
	fanosohana															Atao amin'ny rotsak'orana manaraka
	Fandratsanana ho an'ny hazo fanaka/fanorenana															Rehefa miha-lehibe ny hazo, ary miankina amin'ny karazan-kazo. Eo ho eo amin'ny 3 hatramin'ny 5 taona aorian'ny fambolena

5. Tombam-bidy amin'ny dingana fambolenkazo

Asa	Fahafaha-manao	Sandany
Manetsa (Répiquage)	300 kitapon-janakazo/andro	10-20 Ar/kitapo
Fiasana (labour) mampiasa fitaovana mekanika (tracteur) – Arakaraka ny toetran'ny tany	1 Ha/ora	100 000-250 000 Ar/ora
Fiasana mampiasa fitaovana tarihina (angadin'omby)– Arakaraka ny toetran'ny tany	1 - 2 Ha/andro	50 000-100 000 Ar/andro
Mandavaka	40-50 Lavaka/Andro	200-250 Ar/lavaka
Fambolena	50-70 zanakazo/andro	50-100 Ar/hazo
Fanaovana aro afo	50-80m ² /andro	5000 – 8000Ar/Andro
Fanadiovana fototra zanakazo	100 fototra/andro	5000 – 8000Ar/Andro



6. Ireo mety ho fahasaratana misy amin'ny fambolenkazo

Amin'ny ankapobeny, ny fahasaratana miseho matetika dia ny:

- Afo vokatry ny doro tanety na ireo afo tsy voafehy (fanavaozana ny bozaka firaofan'ny omby, fanadiovana tanim-boly sns)
- Fiarovana amin'ny fikijàn'ny biby fiompy (omby, osy, ondry)
- Ny tsy fahampian-drano
- Ny tsy fandraisan'anjaran'ny mponina sy ny tsy fahavononany



Tari-dàlana ho an'ny fambolenkazo maharitra – Faritra MAINA



USAID

AVY AMIN'NY
VAHOAKA AMERIKANA

Ny fanoratana sy ny fanapariahana ity torolalana ity dia notohan'ny USAID
amin'ny alalan'ny Tetikasa USAID Hay Tao



- ITY BOKY ITY DIA TSY AZO AMIDY -

This document is made possible by the support of the American People through the United States Agency for International Development (USAID.)

The contents of this document are the sole responsibility of the USAID Hay Tao Program and do not necessarily reflect the views of USAID or the United States Government.



REPUBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiafana - Tanindrazana - Fandraresohana



TOROLALANA HO AMIN'NY FAMBOLENKAZOMAHARITRA



FARITRA MANDO

Marsa 2020



Fanoroana pejy

1. Famaritana ny toerana voakasiky ny faritra mando.....	2
2. Tsara ho fantatra mialoha ny hamboly hazo.....	3
2.1. Ireo antony hambolena hazo	3
2.2. Dingana arahina raha hitady toerana hambolena hazo	4
2.2.1. Raha tanim-panjakana	4
2.2.2. Raha tany manan-tompo / tanin'olon-tsotra.....	4
2.3. Karazan-kazo fampiasa sy famboly matetika	4
2.4. Karazana fomba enti-manatanteraka ny fambolenkazo	5
3. Dingana ara-teknika amin'ny fambolenkazo	6
3.1. Famatsiana zanakazo	6
3.1.1. Ny ambioka.....	6
3.1.2. Fametrahana sy fikarakarana tanin-janakazo	8
3.1.3. Fomba famafazana	9
3.1.4. Fanesehana ny kitapon-janakazo sy fanetsana ny zanakazo	10
3.1.5. Fikolokoloana ny zanakazo.....	11
3.1.6. Ny toerana famatsiana zanakazo.....	11
3.1.7. Fomba famoahana ny zanakazo mialohan'ny fambolena.....	11
3.1.8. Bolabolan'ambioaka na Boulette na seedball	12
3.2. Dingana amin'ny fambolenkazo	12
3.2.1. Karazan-toerana hambolena hazo	12
3.2.2. Fipetraky ny lavaka.....	12
3.2.3. Tekinikam-pambolena	13
3.3. Fikolokoloana ny tanin-kazo sy ny hazo.....	14
4. Tetiandron'ny fambolenkazo.....	15
5. Tombam-bidy amin'ny dingana fambolenkazo	16
6. Ireo mety ho fahasarotana misy amin'ny fambolenkazo	16

I. Famaritana ny toerana voakasiky ny faritra mando



Ny faritra mando dia misahana ny tapany atsinanan'i Madagasikara (Jereo ny sarin-tany), ny rotsak'orana ambony miohatra amin'ny faritra hafa no mampiavaka azy.

Ireo karazan-kazo hita sy famboly matetika:

Akangarano, Amaninaombilahy, Ambora, Ampaly, Ananambo, Andrarezina, Angezoka, Antafana, Avozo, Dingadingana, Ditimena, Famelona, Famoalambo, Fandramanana, Fanjavalahy, Filao, Hafotra, Harongana, Harongandahy, Hasina, Hazoambo, Hazomafana, Hazontoho, Hetatra, Hintsy, Kafe, Kesika, Kijy, Kijy fotsy, Kijy madinidravina, Kijy mainty, kisaka, Kininina, Kitata, Kotofy, Lalona, Lendemy, Lodisy, Manga, Mantaly, Nato, Piro, Ramy, Ravintsara, Roy, Sambalahy, Sely, Sofintsohy, Tavolo, Tsvakimbaratra, Varongy fotsy, Varongy mainty, Vintanona, Vivaona, Voamboana, Voandelaka, Voantsanaka,

Voantsilana, Voapaka, Voarafy, Voatsilambato, Voatsimata, Vognona, Volomborona, Vongomadindravina, Vonoa, Zahaina, Zahana, Zamborizano




Faritra mando eto Madagasikara

2. Tsara ho fantatra mialoha ny hamboly hazo

2.1. Ireo antony hambolena hazo



Fiarovana ny loharano sy ny tahirin-drano – Fanarenana ny nofon-tany



Fiarovana tanimboly amin'ny rivotra, fanatsarana ny nofon-tany



Famokarana hazo atao fanaka na hazotrano



Famokarana arina fandrehitra na kitay




Ala vadim-boly - hazo fihinam-boa



Fandrindrana ny tontolo iainana – Fanagejana ny entona karibaona

2.2. Dingana arahina raha hitady toerana hambolena hazo

2.2.1. Raha tanim-panjakana



2.2.2. Raha tany manan-tompo / tanin'olon-tsotra



2.3. Karazan-kazo fampiasa sy famboly matetika

Miankina amin'ny tanjon'ny fambolenkazo ny fisafidianana ny karazan-kazo ho volena (Jereo ny tabilao eo ambany).

Fampiasa	Toetry ny hazo		Karazan-kazo	
	Zanatany	Vahiny	Zanatany	Vahiny
Kitay sy arina fandrehitra	Haingam-pitombo	Haingam-pitombo	Arina, Hafotra, Menahihy, Sely, Voapaka...	Bonara mantsina, Kesika, Kininina, Roy, ...

Hazo trano sy fanaovana fanaka	Hazo mafy sy mahitsy	Haingam-pitombo sy mahitsy	Andrarezina, Arina, Famelona, Fanjavala, Hazotokana, Hafotra, Lalona, Nato, Ramy, Sely, Varongy, Vintanona, Vivaona, Voambona, Voapaka	Kesika, Kininina, Roy...
Fiarovana ny nofon-tany sy fanarenana ny tany simba	Manana faka milentika sy mifikitra tsara ny tany - Manamasaka sy mamerina ny tsiron'ny tany		Amberivatry, Andrarezina, Dingadingana, Harongana, Hintsy, Mantaly, Ramy, Rotra, Sely, Tavolo, Vivaona, Volomborona...	Antafana, Bonara mantsina, Filao, Roy, Voandelaka...
Fanarenana ny ala	Haingam-paniry sy miadam-paniry–Hazo ala zanatany		Akangarano, Amaninaombilahy, Ambora, Ampaly, Andrarezina, Angezoka, Avozo, Ditimena, Famelona, Famoalambo, Fandramanana, Fanjavalahy, Filao, Hafotra, Harongana, Harongandahy, Hasina, Hazoambo, Hazomafana, Hazontoho, Hetatra, Hintsy, Kijy, Kijy fotsy, Kijy madinidravina, Kijy mainty, kisaka, Kitata, Kotofy, Lalona, Lendemy, Mantaly, Nato, Piro, Ramy, Ravintsara, Roy, Sambalahy, Sely, Sofintsohy, Tavolo, Tsivakimbaratra, Varongy fotsy, Varongy mainty, Vintanona, Vivaona, Voamboana, Voantsanaka, Voantsilana, Voarafy, Voatsilambato, Voatsimata, Vognona, Volomborona, Vongomadinidravina, Vonoa, Zahaina, Zahana...	
Fihinam-boa	Hazo manome voa azo hanina		Ampaly, Ananambo, Lodidy, Manga gasy, Zamborizano, Rotra...	Ananambo, Manga, Voasary...
Ala vadimboly	Fanaovana menaka sy voly ahodina		Jirofo, kanelina, kakao, kafe, ...	Niaouli,

2.4. Karazana fomba enti-manatanteraka ny fambolenkazo

Ny olon-tokana, fikambanana samihafa, sekoly, mpiara-miombon'antoka dia afaka manao fambolenkazo avokoa.

- **Fambolenkazo ataon'olontokana:** manana tany vita baorina na mangataka tany fambolenkazo amin'ny fanjakana ;
- **Fambolenkazo ataon'ny fikambanana:** fivondronana olona manana tanjona mitovy manatanteraka asa fambolena hazo, amin'ny toerana voafaritra tsara ;

- **Fambolenkazo ataon'ny orinasa na mpisehatra tsy miankina amin'ny toerana midadasika:** orinasa na mpisehatra tsy miankina mijoro ara-dalàna, fambolenkazo atao amin'ny tany lehibe manana drafi-panajariana, mampiasa olona sy fitaovana avo lenta, mitondra tombotsoa ara-sosialy sy ara-toekarena.

3. Dingana ara-teknika amin'ny fambolenkazo

Mizara 3 ny dingana fambolenkazo: ny famokarana zanakazo, ny fambolena ary ny fikarakarana sy fikolokoloana ny hazo nambolena.

3.1. Famatsiana zanakazo


3.1.1. Ny ambioka

3.1.1.1. Toerana famatsiana ambioka

Fiotazana eny ifotony na eny anivon'ny mpamatsy voa:

Ny fiotazana ny voa dia atao eny amin'ny renikazo na hazo voafantina sy tsara kalitao amin'ny fotoana mampatohy ny voa. Ny atao hoe « renikazo na hazo voafantina sy tsara kalitao » dia hazo salama, mitombo sy maniry tsara eo amin'ny habeany sy ny halavany, hazo mafy, hazo mahintsy tsara ny faniriny, hazo tsy ahitana aretina na lanin'ny biby, hazo mafy faka, hazo mahatanty masoandro, ny ravinkazony dia maintso mavana sy tsy ahitana malazo na lanin'ny biby.

Ny fiotazana ny voa dia tsara koakoa raha atao amin'ny hazo maromaro ary mielanelana eo amin'ny 100 metatra eo ho eo ny fototra roa. Tsara ihany koa raha mitovy ny toerana nihotazana ny voa sy ny toerana hanaovana ny fambolenkazo (ohatra : raha teny amin'ny toerana havoana no nioty ny voa dia tsara raha eny amin'ny toerana havoana no hanaovana ny fambolenkazo).



Karazan-kazo salama sy tsara kalitao raha te hamokatra hazo-trano ohatra (sary eo ankavia)

Manjifa eny amin' ireo Orinasa na fikambanana na Olon-tsootra na toerana mpamatsy ambioka voafantina sy manara-penitra :

Ireo mpamatsy ny voa	Toerana
SNGF	Antananarivo, Moramanga, Toamasina, Azo atao ny manatona ireo sampandraharan'ny tontolo iainana sy ny fandrosoana lovainjafy akaiky izay mifandray mivantana amin'ny SNGF raha toa ka tsy misy masoivoho eo antoerana
Ministera miahay ny ala (MEDD)	Sampandraharahan'ny tontolo iainana sy fandrosoana lovainjafy dia afaka manome torolalana sy miara-miasa amin'ny fiotazana ny voa
Mpiantsehatra amin'ny fitantanana ny ala: FOFIFA, MNP, Fanalamanga SA...	Eny amin'ny foiben-toerana misy azy na ny ratsamangaikany
Mpamokatra zanakazo tsy miankina	SAF FJKM Moramanga, Avotr'Ala Moramanga...

3.1.1.2. Fomba fikarakarana ny voa

Miankina amin'ny toetry ny voa ny fikarakarana azy



1 – Fiotazana (voa matoy tsara, tsy lanin'ny biby)



2 – Fanahazana ny voa mialohan'ny hitehirizana azy



3 – Fitehirizana ny voa mialohan'ny famafazana

- 4 – ireo karazana fomba fikarakarana ny voa izay miankina amin'ny karazan-kazo hovolena
- Arotsaka anaty rano avy nangotraka mandritra ny 24 ora raha voa mafy (roy, bonara...)
 - Alona anaty rano mangatsiaka (gmelina...)
 - Voasana sy vakiana kely (gmelina, manga, voanio...)

Raha liana mahakasika ny antsipirihany teknika dia manantona ny Teknisiana eny amin'ny Sampandraharan'ny tontolo iainana sy fandrosoana lovainjafy eny amin'ny Faritra. Marihina fa efa voamarika eny amin'ny fonosana na kitapo misy ny voa ny toro-marika rehetra raha toa ka avy ao amin'ny SNGF no mivatsy ny voa.

3.1.2. Fametrahana sy fikarakarana tanin-janakazo

3.1.2.1. Dingana arahina amin'ny fametrahana sy fikarakarana tanin-janakazo



3.1.2.2. Fomba fikarakarana ny tanin-janakazo



1 - Fametrahana ny soriboly:

- Atao amin'ny toerana marin-drano
- Diovina tsara ny toerana sy ny manodidina
- Fitodiky ny soriboly: Manaraka ny fiposaky ny masoandro: Atsinana– Andrefana



2 - Apetraka ny tsatoka. Miovaova arakaraka ny toerana ny halavany fa ny sakany kosa dia 1m eo. Elanelanina lalana 1m ny soriboly ahafahana manondraka sy mikarakara azy



3 - Fikarakarana taharo (substrat)

Fangaro sy fatran'ny taharo:

- zezika 1 fatra (zezi-pahatra na komposta)
- tany masaka 2 fatra
- fasika 1 fatra. Tsy asiana fasika intsony raha efa fasehana ny tany (amoron-tsiraka)



4- Asiana taharo manana hatevenana 5 hatramin'ny 10 sm ny soriboly

5 – Alamina tsara ny soribola ary asiana hazo na vato na biriky ny manodidina mba hipetraka tsara ny kitapon-janakazo

6 -Tondrahana rano alohan'ny famafazana



7 – Soriboly na tanimbolin-janakazo voapetraka tsara, misy fefy hiarovana amin'ny fivezivezen'ny biby fiompy sy biby an'ala


3.1.3. Fomba famafazana



1 - Raha voa tena madinika: afangaro amin'ny tany vao afafy



2 - Raha voa madinika: atao fafy katrana (germoir) : taharo manana habe eo amin'ny 5 hatramin'ny 10 sm eo



3 - Raha voa vaventy: atao manara-tady-mielanelana 5 hatramin'ny 10 sentimetatra (germoir)



4 - Raha voa vaventy dia afaka afafy avy hatrany ihany koa anaty kitapon-jana-kazo



5 - Rakofana ahitra na bozaka ny ambioka voavafy ary tondrahana isanandro

3.1.4. Fanesehana ny kitapon-janakazo sy fanetsana ny zanakazo

Mandritra ny 03 ka hatramin'ny 06 herinandro aorian'ny famafazana ny fanetsana ny zanakazo:



1. Sesehana taharo ny kitapon-janakazo , ary alahatra anaty soriboly



2. Rehefa maniry tsara sy matanjaka ny zanakazo nafafy tao amin'ny soriboly dia tsoahina moramora avy eo



3. Atsoboka anaty rano mifangaro tain'omby ny fakan'ny zanakazo



4. Tondrahana aloha ny kitapon-janakazo voasesika taharo



5. Lavahana kely ny taharo anatin'ny kitapon-janakazo



6. Ampidirina ny zanakazo ka ahodina kely ary afatratra tsara ny kitapo



7. Alahatra ao anaty soriboly ary tondrahana isan'andro



8. Fametrahana alokaloka sy fanondrahana

3.1.5. Fikolokoloana ny zanakazo

Tsy maintsy arahimaso tsara ny fanirin'ny zanakazo: ao anatin'izay no hanaovana ny fiavana (fanalàna ny ahi-dratsy), fanesorana ireo izay ratsy faniry na marefo. Mandritra ny fikolokoloana ny zanakazo no zarina mba hahazaka masoandro ny zanakazo ka ny fikarakarana ny rakotra no jerena tsara amin'izany.



1. Tondrahana tsara ny zanakazo ka ny maraina sy hariva efa maty masoandro ihany no fotoana anaovana izany



2. Manala ireo ahi-dratsy sy manadio ny tanin-janakazo



3. Mandrindra ny aloka sy ny hazavan'ny masoandro miankina ny fitombon'ny zanakazo

3.1.6. Ny toerana famatsiana zanakazo

Manjifa eny amin' ireo Orinasa na fikambanana na Olon-tsotra mamokatra zanakazo na eny amin'ny toerana voatokana. Misy sarany eny amin'ny mpamokatra mivelona amin'izany ary jifaina maimaimpoana kosa eny amin'ny toerana novatsian'ny fanjakana vola ka misy fepetra manokana arahina ny fahazoana azy ireny.

Ireo mpamatsy Zanakazo	Toerana / Adiresy
Toerana voatokana (araka ny Politikam-panjakana misy)	Ny Ministera mpiahy ny Ala (MEDD) amin'ny alalan'ireo ratsa-mangaika hita eny amin'ny faritra (DREDD, D()REED, CIREED, CanFor)
Mpanao fikarohana mahakasika ny Ala	FOFIFA, ...
Fikambanana miantsehatra amin'ny fitantanana ny Ala	VOI, SAF FJKM, ...
Fikambanana miantsehatra amin'ny fitantanana ny Ala	MNP, VOI, CI, MAVOA, GERP, MBG, ...
Ireo Tetik'Asa na orinasa mahakasika ny fambolenkazo	Fanalamanga SA, Ambatovy, SAF FJKM,
Olon-tsotra na mpamokatra zanakazo tsy miankina	Manatona ny biraon'ny sampandraharahan'ny tontolo iainana raha mila ny adiresin'izy ireo

3.1.7. Fomba famoahana ny zanakazo mialohan'ny fambolena

Rehefa nijanona 3 hatramin'ny 6 volana eo ho eo tao amin'ny tanin-janakazo ny zanakazo ka mahazo faka tsara dia afaka entina eny amin'ny tany hambolena azy. Tandrovana tsara mba tsy ho tapaka ary tsy hiparitaka ny taharo ao anatin'ny kitapon-janakazo. Alahatra ao anaty kesika voarafitra mba tsy hihetsika mandritra ny fitaterana ny zanakazo.

3.1.8. Bolabolan'ambioka na Boulette na seedball



- 1 – Karakaraina ny rano sy tain'omby (zezika)
- 2 – Karakaraina ny taharo : tany masaka + zezika + tanimanga
- 3 – Asiana voa 2 na 3 arakaraka ny habeny ao anatin'ny taharo ary volavolaina ho boribory

Endriky ny bolabolan'ambioka farany

- Rehefa vita ny bolabola dia apetraka mandritra ny **03 andro** alohan'ny hamafazana azy;
- Mila **toerana efa misy rakotra sy tany malemy** ny famafazana ny bolabola mba ahafahany maniry tsara sy tsy entin'ny rano rehefa amin'ny fotoanan'ny orana.


3.2. Dingana amin'ny fambolenkazo

3.2.1. Karazan-toerana hambolena hazo

Karazan-tany	Mombamomba	Elanelana	Haben'ny lavaka
Tanimboly efa tsy miasa na maty	Tany malemy sady mamokatra – voakarakara matetika	3mx3m na 4mx4m arakaraky ny voly misy eo	30smx30smx30sm
Faritr'ala	Tontolo ala – tany malemy ihany	2,5mx2,5m	40smx40smx40sm
Faritra be bozaka	Tany mafy	2mx2m	50smx50smx50sm
Tany ngazana sy ratsy	Tany ratsy – mafy	2mx2m	50smx50smx50sm

3.2.2. Fipetraky ny lavaka


Atao miendrika diam-panorona ny lavaka mba hisorohana amin'ny fihotsahan'ny tany sy fitatazana ny ranon'orana raha toerana misolampy.




3.2.3. Tekinikam-pambolena

3.2.3.1. Fandavahana

Atokana ny nofon-tany tsara - masaka (ambony) sy ny nofon-tany ratsy sy mafy (ambany).




3.2.3.2. Fanotofana ny lavaka sy fambolena



1. Fanotofana lavaka: Arotsaka aloha ny tany masaka avy eo ny tany ratsynampiana fakofako na zezika

2. Esorina ny fonosana ary tandremana tsara mba tsy hiparitaka ny tany



Tsindrina tsara amin'ny tànana ny manodidina ny zanakazo




3. Fambolenkazo: Satria be rotsak'orana ny faritra hambolena hazo dia atao midongona ary afatratra tsara (tsindrina amin'ny tànana) ny tany nanotorana ny lavaka



3.3. Fikolokoloana ny tanin-kazo sy ny hazo



1. Fandrakofana: Rehefa voavoly ny zana-kazo dia asiana fakofakom-bozaka na ravin-kazo manodidina ny foto-kazo mba hitazomana hamandoana sy hitsihifan'ny rano (amin'ny toerana ahitana zava-maniry hafa)



2. Fametrahana aro afomanodidina ny toerana fambolenkazo: eo ho eo amin'ny 4m ny sakany. Tokony ho diovina isan-taona. Ankoatra izay dia mila diovina ihany koa ny ao anatin'ny faritra voavoly mba hisorohana ny afo ao anatin'ny toerana voavoly.



3. Fiavana: Esorina raha misy ahi-dratsy miaraka maniry amin'ny zanakazo

4. Fanosohana: rehefa misy zanakazo maty dia soloina. Mandritra ny fotoan'ny orana no hanaovana ny fanosohana.

5. Fandratsanana: ho an'ny hazo natao hanorenana na hanaovana fanaka

5-8 taona : rantsanana ny ampahatelony ambany
Manomboka 8 taona : rantsanana ny antsanany ambany

4. Tetiandron'ny fambolenkazo

Dingana amin'ny fambolenkazo sy asa atao		T1												T2	Fanamarihana	
		Jol	A	S	O	N	D	J	F	M	A	M	Jn			
Famatsiana voa	Fanangonana voa															Amin'ny fotoana mampatoy ny voa, arakaraky ny karazan-kazo
Famokarana zanakazo	Fikarakarana plate-bande /soriboly															6 volana mialohan'ny fambolena
	Famafazana															Vao tafatsangana ny plate-bande
	Fikarakarana ny tany hambolena hazo															1 volana mialoha ny fambolena
Fambolena	Fandavahana															10 andro mialoha ny fanotorana
	Fitaterana ny zanakazo															Amin'ny andron'ny fambolenkazo, izany hoe amin'ny vanim-potoanan'ny orana
	Fanotorana sy fambolena															10 andro mialoha ny fambolena no totorana ny lavaka
Fikarakarana ny hazo nambolena	fiavana															Rehefa tapitra fotoanan'ny orana
	fanosohana															Atao amin'ny rotsak'orana manaraka
	Fandratsanana ho an'ny hazo fanaka/fanorenana															Rehefa miha-lehibe ny hazo, ary miankina amin'ny karazan-kazo. Eo ho eo amin'ny 3 hatramin'ny 5 taona aorian'ny fambolena

5. Tombam-bidy amin'ny dingana fambolenkazo

Asa	Fahafaha-manao	Sandany
Manetsa (Répiquage)	300 kitapon-janakazo/andro	10-20 Ar/kitapo
Fiasana (labour) mampiasa fitaovana mekanika (tracteur) – Arakaraka ny toetran'ny tany	1 Ha/ora	100 000-250 000 Ar/ora
Fiasana mampiasa fitaovana tarihina (angadin'omby)– Arakaraky ny toetran'ny tany	1 - 2 Ha/andro	50 000-100 000 Ar/andro
Mandavaka	50-70 Lavaka/Andro	200-250 Ar/lavaka
Fambolena	100 zanakazo/andro	50-100 Ar/hazo
Fanaovana aro afo	50-80m ² /andro	6000 – 8000Ar/Andro
Fanadiovana fototra zanakazo	50-70 fototra/andro	6000 – 8000Ar/Andro

6. Ireo mety ho fahaserotana misy amin'ny fambolenkazo

Amin'ny ankapobeny, ny fahaserotana miseho matetika dia ny:

- Ny toetry ny tany raha manangon-drano be loatra ka miteraka fahasimban'ny fakan'ny zanakazo;
- Ny tondra-drano;
- Fiarovana amin'ny fikijàn'ny biby fiompy (omby) sy ny biby dia (lambo...);
- Ny tsy fandraisana anjaran'ny mponina sy ny tsy fahavononany.



USAID
AVY AMIN'NY
VAHOAKA AMERIKANA

Ny fanoratana sy ny fanaparahana ity torolalana ity dia notohan'ny USAID
amin'ny alalan'ny Tetikasa USAID Hay Tao



- ITY BOKY ITY DIA TSY AZO AMIDY -

This document is made possible by the support of the American People through the United States Agency for International Development (USAID.)

The contents of this document are the sole responsibility of the USAID Hay Tao Program and do not necessarily reflect the views of USAID or the United States Government.